

**NY ATAO HOE KRISTIANA :
inona no dikan'izany ?**

Fizaràna I

NY DRAFITR' ANDRIAMANITRA

**HAMONJENY NY OLOMBELONA
TSY HO ANY AMIN'NY
FAHAVEREZANA MANDRAKIZAY**



NY DRAFITR' ANDRIAMANITRA

**HAMONJENY NY OLOMBELONA TSY HO ANY
AMIN'NY FAHAVEREZANA MANDRAKIZAY**

Tsara raha manaraka izao filaharana izao ny hamakiana ilay amboaram-boky hoe « NY ATAO HOE KRISTIANA » :

- ⇒ NY DRAFITR'ANDRIAMANITRA HAMONJENY
NY OLOMBELONA TSY HO ANY AMIN'NY
FAHAVEREZANA MANDRAKIZAY
- ⇒ NY TENA FIAINANA KRISTIANA :
 - mitondra tena araka ny fampianaran'i Kristy
 - azo itarafana ny fiainan'i Kristy
- ⇒ NY EGLIZY AORIN'I KRISTY :
 - ny maha manerantany azy
(ny Eglizy na ny Fiangonana)
 - ny fanehoana azy eo amin'ny toerana iray
(ny fiangonana eo amin'ny toerana iray)

NY DRAFITR' ANDRIAMANITRA

**HAMONJENY NY OLOMBELONA TSY HO ANY
AMIN'NY FAHAVEREZANA MANDRAKIZAY**



Novokarina sy navoakan'ny : Henoy ny Baiboly

Fanontana laharana : 041

D.L.I. : Janoary 2018

Tél : 033.15.552-35

Mail : henonybaiboly@gmail.com

1- NY OLOMBELONA MANOLOANA AN'ANDRIAMANITRA

1.1- ADAMA

Rehefa vitan'Andriamanitra ny lanitra sy ny tany, ny rano, ny zava-maniry rehetra, ny trondro sy ny biby, ... dia tamin'ny fomba manetriketrika no nilazany hoe : *“Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika... Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny ; tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy ; lahy sy vavy no namoronany azy”* (Genesisy 1. 26-27). *“Ary vovotany no namoronan'i Jehovah Andriamanitra ny olona, ary nofofoniny fofonaina mahavelona ny vavorony ; dia tonga olombelona izy”* (Genesisy 2. 7). Noforonin'Andriamanitra ny olombelona, ilay hany zavamanana aina sady misy ampahany azo tsapain-tanana (vatana) no misy ampahany tsy azo tsapain-tanana (saina sy fanahy). Ankoatra izany, tsy toy ireo zavamanana aina sasany noarina ny olombelona, fa izy irery no nomena ny fofonain'Andriamanitra, tao amin'ny vavorony. Koa dia fantany fa nisy Mpahary izy ; afaka mifandray amin'io Mpahary io izy, afaka miresaka aminy, mandre ny feony ary mahalala izay tadiaviny. Tsy voagejan'ny fahafatesana izy, manana ny maha izy azy, afaka mieritreritra, afaka manapa-kevitra samirery... Koa dia tena tsy nitovy mihitsy tamin'ireo zavamanana aina vao noforonin'Andriamanitra ny olombelona.

Noforonina tahaka ny endrik'Andriamanitra ary araka ny tarehin'Andriamanitra ny olombelona, napetraka mba hanapaka, ho ambony lavitra noho ny zavamanana aina hafa rehetra.

Ankoatra izany dia nanana fahaizana manokana nomen' Andriamanitra izy, toy ny faharanitan-tsaina. Momba izany indrindra, dia izao no voasoratra : *“Ary tany no namoronan’i Jehovah Andriamanitra ny bibidia rehetra sy ny voromanidina rehetra ; dia nentina tany amin-dralehilahy ireny, hahitany izay hanononany azy avy ; ary izay rehetra nanononan-dralehilahy ny zavamanana aina rehetra, dia izany no anarany. Dia nomen-dralehilahy anarana ny biby fiompy rehetra sy ny voromanidina mbamin’ny bibidia rehetra”* (Genesisy 2. 19-20). Ny olona dia nanana faharanitan-tsaina manokana mihitsy, ary mazava ho azy fa izy no faratampon’ny voary.

Adama, ilay Lehilahy voalohany, no solontenan'Andriamanitra teto an-tany. Saingy *“tsy hita izay vady sahaza ho an-dralehilahy. Ary Jehovah Andriamanitra nahasondrian-tory an-dralehilahy, ka dia natory izy ; dia naka ny taolan-tehezany anankiray Izy ka nanakombona nofo ho solony. Ary ny taolan-tehezana izay nalain’i Jehovah Andriamanitra tamin-dralehilahy dia nataony vehivavy ka nentina tany amin-dralehilahy. Ary hoy ralehilahy : Ankehitriny dia taolana avy amin’ny taolako sy nofo avy amin’ny nofoko ity ; ity dia hatao hoe ‘vehivavy’ (Isha), satria lehilahy (Ish) no nanalana azy”* (Genesisy 2. 20-23). Toy izany no namoronana **ny Vehivavy voalohany**, nalaina avy tamin’ny vatan’i Adama (taolana avy amin’ny taolany sy nofo avy amin’ny nofony), olombelona mifameno amin-dralehilahy, mpanampy tandrify azy. *“Ary ralehilahy nanao ny anaran’ny vadiny hoe Eva, satria izy no renin’ny olombelona rehetra”* (Genesisy 3. 20).

Adama sy Eva dia noarina araka ny fihevitry'Andriamanitra, nanana toetra tsy nirona ho amin’ny ratsy, tsy nahalala na ny tsara na ny ratsy. Tsy nanan-tsiny izy ireo, tso-po : izay no toerana nisy azy ireo, tsy nanan-tsiny.

Ny tian'Andriamanitra dia ny hahasambatra ny olombelona, izay voariny tsy manan-tсахala. *“Ary Jehovah Andriamanitra nanao saha tao Edena tany atsinanana... Ary Jehovah Andriamanitra nitondra an-drarahilaha ka namponina azy tao amin'ny saha Edena hiasa sy hitandrina azy”* (Genesisy 2. 8, 15). Tao amin'ny saha Edena i Adama sy Eva, olona tsy nanan-tsiny, dia akaiky an'Andriamanitra, niankina taminy, nahatsapa ny fanatrehany. Sambatra izy ireo, sambatra niaraka tamin' Andriamanitra, nanana fihavanana taminy, nifanaraka taminy, ary niombona taminy. Tao anaty fahasambarana i Adama sy Eva : izay no notadiavin'Andriamanitra ho azy ireo.

“Ary hitan'Andriamanitra izay rehetra nataony, ary indro, tsara indrindra izany” (Genesisy 1. 31).

Araka ny fandaminana nataon'Andriamanitra, dia tokony hisy **Filoha**. Koa ...

- satria **tahaka ny endrik'Andriamanitra** no nahariana ny olombelona, dia nantsoina ho solontenan'Andriamanitra teto an-tany izy. Koa nomena azy ny fiandrianana hanjaka amin'ny voary manontolo : izy no filohan'izany. *“Ary Andriamanitra nitsodrano azy hoe : maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany, ka mampanompoa azy ; ary manjakà amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voromanidina ary ny biby rehetra izay mihetsiketsika ambonin'ny tany”* (Genesisy 1. 28). Ny Salamo 8 dia mampiseho tsara ny olombelona manjaka amin'ny voarin'Andriamanitra : *“Efa nampanjakainao amin'ny asan'ny tànanao izy ; ny zavatra rehetra dia efa nataonao eo ambanin'ny tongony, dia ny ondry aman'osy sy ny omby rehetra, ary ny bibidia koa mbamin'ny voromanidina sy ny hazandrano any an-dranomasina, izay mandeha amin'ny lalan-dranomasina”* (3-8) ;

- satria **araka ny tarehin'Andriamanitra** —fanahafana ara-toetra— no nahariana an'i Adama, dia nanana toetra sasantsasany manahaka an'Andriamanitra izy. Koa afaka nifandray tamin'Andriamanitra izy, ary tokony nanao zavatra toa an'Andriamanitra, na dia am-pahalemena ihany aza : mahay mitantana ny tany am-pahendrena, am-pahamarinana, am-pahitsiana, am-pahatokiana (toetra sasantsasany hita ao amin'Andriamanitra).

Satria noarina ny olombelona —na dia solontenan'Andriamanitra teto an-tany aza izy—, dia tokony nankatò an'Andriamanitra aloha, voalohany indrindra. Ny fankatoavana : izay no nandrasan' Andriamanitra tamin'ny olombelona. Ankoatra izany dia tokony nampiseho sombintsombiny amin'ny toetran'Andriamanitra izy (toy ny fitiavana, ny fahamoram-panahy, ...) ; izany hoe tokony ho lavorary izy, eo amin'ny fizotrany :

– ny fiainany dia tokony hiankina amin'Andriamanitra ;

– ny fitondrantenany dia tokony hobaikoin'ny fihevitry'Andriamanitra.

Koa Andriamanitra izany no tokony ho hita tao amin'ny fiainan'i Adama.

Nahoana moa Andriamanitra no namorona izao tontolo izao sy ny olombelona ?

- Tian'Andriamanitra ny hampahalala ny tenany amina voary noforonina tahaka ny endriny, araka ny tarehiny, izany hoe voary manana saina maranitra. Tiany ny hampahalala NY MAHA IZY AZY manontolo, indrindra ny hoe IZY dia fahazavana, fahamarinana, fahamasinana ary fitiavana... Tiany ny ho akaikin'io voariny io, ka hiara-hipetraka aminy mihitsy aza, indray andro any, araka izay voatatitra ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy : “*Indro, ny*

tabernakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona, ary Izy hitoetra eo aminy, ary ireo ho olony, ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny" (21. 3). Koa noforonina izany izao tontolo izao, satria Andriamanitra dia te hanana toerana hafa ankoatra ny lanitra, izay hanatanterahany ny tanjony : *honina* miaraka amin'ny olombelona.

- Nisy antony hafa koa namoronany izao tontolo izao :
 - mba hanehoan'Ilay Andriamanitra Avo indrindra, Jehovah, Ilay Andriamanitra tsy hita maso, amin'ny olombelona rehetra ny voninahiny, ny fiandrianany, ny heriny : *"Ny lanitra mitory ny voninahitr'Andriamanitra ; ary ny habakabaka manambara ny asan'ny tany"* (Salamo 19. 1) ;
 - mba hahatalanjona ny olona noho ny fiandrianan'Andriamanitra sy ny halehibeazany —rehefa mahita ny fidadasiky ny tontolo izy, ny hatsarany, ny firindrany sy ny filaminana ao anatiny— ka hankalazany sy hanomezany voninahitra Azy : *"Ny mpanjaka amin'ny tany sy ny vahoaka rehetra, ny mpanapaka sy ny mpitsara rehetra amin'ny tany, na ny zatovolahy, na ny zatovovavy, na ny antitra, na ny tanora —samia midera ny anaran'i Jehovah avokoa, fa ny anarany ihany no misandratra ; ambonin'ny tany sy ny lanitra ny voninahiny"* (Salamo 148. 11-13).

- Fa indrindra, nahary izao tontolo izao Andriamanitra satria nanana tanjona iray lehibe noho ny tanjona hafa rehetra : eo amin'io tany io ny Zanany no haka endrik'olombelona. Io Zanany io, Ilay *"endrik'Andriamanitra tsy hita"* (Kolosiàna 1. 15), dia tiany mba homem-boninahitra eto an-tany sy hanana Vady. Koa *"izao rehetra izao sy ny mponina eo aminy"* (Salamo 24. 1) dia noarina ho an'Ilay Zanak'Andriamanitra. Iza no voasoratra : *"Fa tao aminy (tao amin'ny Zanak'Andriamanitra) no nahariana ny zavatra*

rehetra any an-danitra sy etỳ ambonin'ny tany, dia ny hita sy ny tsy hita, na fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana, na fahefana, Izy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany ; ary Izy no talohan'ny zavatra rehetra, sady ao aminy no aharetan'ny zavatra rehetra” (Kolosiana 1. 16-17).

Niantomboka teo ny drafitr'Andriamanitra :

- namorona an'i Adama (ilay olombelona voalohany) Andriamanitra ary nametraka azy ho solontenany, ho filohan'ny voary manontolo eto an-tany ;
- naneho ny tenany taminy Andriamanitra ary nanome ho azy mpanampy tandrify, dia Eva vadiny ;
- nirindra ny fifandraisan'i Adama sy Eva tamin'Andriamanitra, sambatra izy ireo, nilamina ny fiainany teto an-tany...

Saingy hohajain'i Adama sy Eva ve sa tsia io fifandraisana hafakely amin'Andriamanitra io ? Hiantehitra mandrakariva amin' Andriamanitra ve izy ireo ? Hatoky an'Andriamanitra ve izy ireo, ho tia Azy lalandava, hankatò izay rehetra lazainy ?

1.2- FIZAHAN-TOETRA

“Ary Jehovah Andriamanitra nandidy an-dralehilahy ka nanao hoe : Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany ; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana ; fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao” (Genesisy 2. 16-17).

Satana, ilay fahavalon'Andriamanitra, dia tonga tao amin'ny saha, nanatona an'i Eva ary naka fanahy azy toy izao : *“Hanky ! efa nataon'Andriamanitra hoe : Aza ihinananao ny hazo*

rehetra eo amin'ny saha ?... Tsy ho faty tsy akory ianareo ; fa fantatr'Andriamanitra fa amin'izay andro hihinananareo azy dia hahiratra ny masonareo, ka ho tahaka an'Andriamanitra ianareo, hahalala ny tsara sy ny ratsy” (Genesisy 3. 1, 4-5).

– Rehefa niteny i Satana hoe : *“Hanky ! efa nataon'Andriamanitra hoe : Aza ihinananareo ny hazo rehetra eo amin'ny saha ?”*, ny tanjony dia ny hamafy fisalasalana ka hanozongozona ny fahatokian'i Eva ny teny mazava tsara nataon'Andriamanitra tamin-drarahilahy hoe : *“Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany”* ;

– Rehefa niteny i Satana hoe : *“Tsy ho faty tsy akory ianareo”*, dia niampanga an'Andriamanitra ho mpandainga izy, satria mazava ny tenin'Andriamanitra tamin-drarahilahy hoe : *“Amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao”* ;

– Farany, rehefa niteny i Satana hoe : *“Fantatr'Andriamanitra fa amin'izay andro hihinananareo azy dia hahiratra ny masonareo, ka ho tahaka an'Andriamanitra ianareo, hahalala ny tsara sy ny ratsy”*, dia ampahana fahamarinana no nolazainy (*“Hahiratra ny masonareo”*), ampiana lainga mifangaro dokadoka (*“Ho tahaka an'Andriamanitra ianareo”*).

Koa raha naka fanahy an'i Adama sy Eva i Satana, ny tanjony dia ny hanaratsy an'Andriamanitra (toy ny hoe mpandainga Andriamanitra), handiso izay nolazainy (toy ny hoe diso ny zavatra nolazain'Andriamanitra tamin'i Adama). Koa ny nokatsahin'i Satana tamin'izany dia ny hanosika an'i Adama sy Eva tsy hanaiky ny teny nolazain'Andriamanitra ; tian'i Satana hihodina amin' Andriamanitra izy ireo ka hiaina eto an-tany tsy misy an' Andriamanitra, mba hahatonga azy ireo tsy hiraharaha an' Andriamanitra sy ny sitrapony. Raha fintinina, ny nokatsahin'i Satana dia ny tsy hankatoavan'i Adama sy Eva ka hanotan'izy ireo amin'Andriamanitra : ny hahavery azy ireo no notadiavin'i Satana.

1.3- FAHALAVOAN'I ADAMA SY EVA

Nihaino ireo torohevitra ratsy naroson'i Satana i Adama sy Eva, ary nanaiky horebireben'ilay petra-kevitra mamoa-doza hoe : *“Ho tahaka an'Andriamanitra ianareo”*. Tamin'izany dia tsy niraharaha ilay Mpahary sy ny didiny izy ireo : nisalalana izy ireo, tsy natoky an'Andriamanitra intsony, tsy nahatsiaro intsony fa voary anie izy ireo (voary natao hankatò). Tsy nankatò izy ireo, ka naniratsira an'Andriamanitra. Nanota tamin'Andriamanitra izy ireo ka tamin'izany dia nampiditra ny faharatsiana tao anatin'ny fahariana izay lavorary no nivoaka avy teo am-pelatanan' Andriamanitra. Io fahotana io, fahotana voalohany, fahotan'i Adama sy Eva, no atao hoe : **ny fahotana tany am-piandohana**.

1.4- VOKA-DRATSY MAHATSIRAVINA

Izao i Adama sy Eva dia mahalala ny tsara sy ny ratsy. Ary satria nanana izany fahalalana izany izy, dia tsy tso-po intsony fa nanjary tonga saina, tonga saina amin'ny lanjan'ny zavatra nataony ; izay indray no toerana misy azy ireo : **fahatsiarovan-tena**. Izany fahatsiarovan-tena izany dia nitarika azy ireo hatahotra an' Andriamanitra. Noho izany izy ireo dia *“niery ny tavan'i Jehovah Andriamanitra tao anaty hazo tao amin'ny saha”* (Genesisy 3. 8).

Loza lehibe mihitsy ny tsy fankatoavan'i Adama sy Eva :

- Ny toetran'ny olombelona mihitsy, izay nadio sy tsy nisy pentimpentina teo aloha, no tratran'ny ota, ka niova ary nanjary simba sady fahavalon'Andriamanitra ;
- Adama sy Eva, izay tsy nanan-tsiny, olona afaka sy sambatra teo aloha, dia nanjary mpanota, voageja tsy afaka manao ny tsara sady tsy mahatohitra tsy hanao ny ratsy ;
- Nipoitra ny fahafatesana ara-panahy, ary ny fiafaran'izany dia ny fahafatesan'ny vatana : *“Fa vovoka ianao, ary hiverina ho amin'ny vovoka indray ianao”* (Genesisy 3. 19) ;

- Adama, izay noarina mba hanjaka amin'ny tany manontolo, dia niongana ;
- Farany, ny fampidirana ny ota teto amin'izao tontolo dia faniratsirana Ilay Andriamanitra Mpahary ; ary ny fahamasinany dia hitaky fanadiovana izany loto vokatry ny ota izany.

Raha fintinina, ny nahalavo ny olombelona dia ny tsy fahatokiany an'Andriamanitra, noho ny fitaka nasisik'i Satana, hoe tsy nomen'Andriamanitra ny olona izay tokony hahatonga azy hitovy amin'Andriamanitra. Raha vao tsy natoky an' Andriamanitra intsony i Adama, dia nitady izay hahasambatra ny tenany, amin'ny fanaovana ny sitrapony samirery : nanota izy. Fa ny mbola zava-doza noho izany dia ity : ny ota, izay tafiditra tao amin'ny toetran'i Adama mihitsy, dia hanjary holovain'ny taranany, izany hoe ny zanak'olombelona rehetra.

1.5- NY TARANAK'I ADAMA, TRATRAN'NY OTA, ILAY ARETINA TSY MISY FANAFANY

Ny olona rehetra dia taranak'i Adama, ilay olona voalohany, lohan'ny taranak'olombelona. Nampitain'i Adama tamin'ny taranany ny ota, ka nandova toetra tratran'ny ota io taranaka io, ilay toetra mpanota. Nandova io toetra io tokoa isika tsirairay, raha vao teraka, araka ny hazavain'ny Baiboly hoe : “... *tahaka ny nidiran'ny ota avy tamin'ny olona iray (Adama) ho amin'izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana, ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra*” (Romana 5. 12).

Koa noho ny fahotan'i Adama —ilay fahotana tany ampiandohana—, dia manana toetra mpanota avokoa ny zanak'olombelona, raha vao teraka. Ankoatra izany, ny taranak'olombelona rehetra dia mandova zavatra roa loha :

- fahafantarana (mazava na manjavozavo) ny tsara sy ny ratsy ;
- fironana amin'ny ratsy, izay mahatonga ny zanak'olombelona tsy hahay “*handà ny ratsy sy hifidy ny tsara*” (Isaia 7. 15) : izany no lalànan'ny ota izay tsy azo ialàna.

Niorim-paka tao anatintsika tsirairay ny ota, nanjary anisan'ny toetrantsika mihitsy, hany ka manjary tsy mahay manao izay ankasitrahin'Andriamanitra intsony isika. Izany no tian'ny apostoly Paoly nolazaina, raha nanoratra hoe : “*Ny ota ... mitoetra ato anatiko*” (Romana 7. 17). Mety hanaitra ny voambolana hoe “*mitoetra*” ; nefa manoritra izy io hoe nifidy ahy ho tranony ny ota, toy ny hoe mialokaloka ato amiko izy, nampiantrano azy aho. Tsy afaka mandroaka azy aho. Koa satria aho anisan'ny taranak'i Adama, dia mpanota aho, manana toetra mpanota : noho izany, tsy miaina miankina amin'Andriamanitra aho, ary ny fitondrantenako dia baikoin'ny fanirian'io toetrako efa simban'ny ota io.

Koa noho ny tsy fankatoavan'i Adama, dia notarihiny ny olombelona rehetra hiaina ao anaty ota. Ny olona rehetra tsy ankanavaka izany dia ambara fa mpanota, teraka mpanota : izany no tena toetran'ny olona rehetra, eo imason'Andriamanitra.

Niseho tamin'ny tantaram-piainan'ny olombelona ny toetrany

Taorianan'i Adama dia navelan'Andriamanitra ny olombelona, izay mety maty, hanohy ny fiaina nahazatra azy teto an-tany. Saingy tsy ela dia nipoitra ny vokatry ny maha mpanota azy.

Nisy an'i Kaina aloha, izay nanjary mpamono olona sy niaina tsy niraharaha an'Andriamanitra. Dia nitombo ny ota, hany ka “*be ny faharatsian'ny olona tambonin'ny tany, ka izay fisainana rehetra avy amin'ny fony dia ratsy ihany mandritra ny andro*” (Genesisy 6. 5). Koa naringana tamina safodrano ny zanak'olombelona ; i Noa sy ny fianakaviany ihany no notsimbinina, “*izy valo mianaka*” (1 Petera 3. 20).

Taorianan'ny safodrano dia nitombo hatrany ny faharatsian'ny olombelona, ka tonga hatramin'ny fanompoan-tsampy : nanomboka teo izy ireo dia "*nanompo andriamani-kafa*" (Iosoa 24. 2), sampy izay naka tao am-pon'ny olona ny toeran'Ilay hany Andriamanitra.

Dia nisy olona iray, Abrahama, natokan'Andriamanitra, olona nihaino sy nankatò Azy. Nentin'Andriamanitra tany amin'ny tany Kanana izy. Dia natokan'Andriamanitra ny taranany, ny vahoaka Israely, mba ho vahoaka hitsaoka Azy, ho firenena masina : "*Ho rakitra soa ho Ahy mihoatra noho ny firenena rehetra ianareo ; fa Ahy ny tany rehetra. Dia ho fanjakà-mpisorona sy ho firenena masina ho Ahy ianareo*" (Eksodosy 19. 5-6).

Lava ny tantaran'io firenena io, ary niseho tamin'izany fa tsy tanterany mihitsy ny maha "*firenena masina*" niantsoan'Andriamanitra azy. Mifanohitra amin'izany aza, nanohy nampiseho ny faharatsiam-panahiny hatrany izy, ka nanombo an'i Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra, teo amin'ny hazofijaliana. Nohamafisin'ny tantara, araka izany, fa ratsy dia ratsy ny fon'olombelona.

1.6- MELOKA NY ZANAK'OLOMBELONA REHETRA : MIZOTRA HO AMIN'NY FITSARAN'ANDRIAMANITRA, HO AMIN'NY FAHAVEREZANA MANDRAKIZAY

Satria taranak'i Adama ny olona rehetra tsy ankanavaka, dia samy manana ny ota ao anatin'ny, samy teraka mpanota avokoa. Hamarinin'i Davida izany toejavatra mampalahelo izany : "*Indro, tamin'ny heloka no niterahana ahy, ary tamin'ny fahotana no torontoronina ahy ny reniko*" (Salamo 51. 5).

Tsy vitan'ny hoe teraka tao anatin'ny ota ny olombelona ary manana ny ota ao anatin'ny, fa mbola loza kokoa noho izany,

manota izy, dia mihazatra amin'izany, hany ka mihamafy ny fony ary manjary matory ny feon'ny fieritreretany : *“Efa tonga maizintsaina sy **olon-ko azy amin'ny fiainan'Andriamanitra ireny, noho ny tsy fahalalana ny anatiny, noho ny hamafin'ny fony, dia olona tsy mahalala henatra intsony ka nanolo-tena ho amin'ny fijejojejoana, hanao izay fahalotoana rehetra amin'ny fieremana (fitiavam-bola tafahoatra)**”* (Efesiana 4. 18-19).

Tsy manana ny ain'Andriamanitra ao anatiny ny olombelona, ka maty ara-panahy

- tsy mifandray amin'Andriamanitra izy ;
- anjakan'i Satana ;
- andevon'ny ota : *“adala ..., tsy nanaiky, voafitaka, dia andevon'ny filana sy ny fahafinaretana maro, ary velona teo amin'ny lolompo sy ny fialonana, sady hala no nifankahala”* (Titosy 3. 3) ;
- mandoto tena, satria minia miaina ao anaty ota ;
- manao izay maha meloka azy eo imason'Andriamanitra ;
- voaheloka noho ny ota, satria Andriamanitra dia marina, ary ny fahamarinany dia manameloka ny mpanota.

Mizotra tsy afa-miala ho amin'ny fanamelohan'Andriamanitra ny olombelona : mizotra any amin'ny helo, ilay afo tsy mety maty

Satria masina sy madio Andriamanitra, dia tsy afaka handray mpanota hifanatrika aminy, any an-danitra. Tsy afaka lzy, satria :

- *“Andriamanitra dia mazava, ary tsy misy maizina akory ao aminy”* (1 Jaona 1. 5) ;
- Andriamanitra dia *“madio maso ka tsy te hitsinjo ny ratsy”* (Habakoka 1. 13).

Satria ao anatin'ny olombelona ny ota ka manota izy, dia meloka izy eo imason'Ilay Mpamorona ny olombelona, Ilay Andriamanitra Tsitoha. Koa mizotra ho amin'ny fanamelohan'Andriamanitra ny olombelona, ary tsy afa-miala amin'izany, araka ny voasoratra hoe : *"... tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana"* (Hebreo 9. 27).

Ary iza moa no ho afaka hijoro manoloana ny fitsaran' Andriamanitra, nefa ny Soratra Masina mihitsy no mampiseho fa ny olona rehetra dia *"mpanota avokoa ... ; araka ny voasoratra hoe : Tsy misy marina na dia iray akory aza... fa tsy misy hafa, fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra"* (Romana 3. 9-10, 22-23) ? Iza no afaka hiala amin'ny famaizana atokan'Andriamanitra ho an'ny olo-meloka?

Tsy misy !

Tapi-dalan-kaleha ve ? ...

Saingy tsy tampoka tamin'Andriamanitra izany ! Lehibe Izy ary mahalala ny zavatra rehetra. Mba hialan'ny olombelona amin'ny fitsarana sy ny fahaverezana mandrakizay, dia efa nanomana drafitra lehibe Andriamanitra, ny drafitra hamonjeny ny fanahy : amin'izay dia haseho ho hitan'ny olombelona ny fahamasinany, ny fahasoavany, ny fitiavany... Hatreto Andriamanitra dia nampiseho ny fahefany maharitra mandrakizay, ny maha Andriamanitra Azy, ny hatsaram-pony. Fa izao Izy dia hanorina indray, amina fomba hafa, fifandraisana am-pitiavana amin'ny olombelona, mba hiverenany ho akaikin'ilay olona mpanota. Ary mba tsy hahavery ho mandrakizay ilay voariny, dia hamonjy azy Izy, kanefa tsy hampandefitra ny fahamarinany sy ny fahamasinany tsy akory —satria ny fahamarinana sy fahamasinana dia toetra maha Andriamanitra Azy mihitsy.

Koa inona àry izany no hataon'Andriamanitra hamonjeny io voariny very io ?

2- NY DRAFITR'ANDRIAMANITRA HAMONJENY NY OLOMBELONA TSY HO ANY AMIN'NY HELO, NY AFO TSY METY MATY

“Andriamanitra, Mpamonjy antsika, ... tia ny olona rehetra hovanjena ka ho tonga amin’ny fahalalana ny marina” (1 Timoty 2. 3-4).

2.1- MPANALALANA IRAY

Tsara Andriamanitra : tsy sitrapony mihitsy ny hoe hisy —na iray monja aza— amin’ny voariny, hijalijaly mandrakizay *“any amin’ny helo, dia any amin’ny afo tsy azo vonoina”* (Marka 9. 44). Noho izany Andriamanitra dia namolavola drafitra manomana Mpanalalana —na Mpanelanelana—, izany hoe olona afaka mamitrana indray ny fifandraisana tapaka teo amin’Andriamanitra sy ny olona, ary manolotra ihany koa fomba hampihavanana ny olona amin’Andriamanitra. Rehefa tonga amin’ny faratampon’ny faharatsiana sy ny ota ny olona, dia ho afaka miteny amin’Andriamanitra io Mpanalalana io hoe : *“Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony”* (Lioka 23. 34).

Mila famonjena ny olona, ka mba hahatanteraka izany, dia tsy maintsy nisy Mpanalalana nankasitrahin’Andriamanitra aloha, Mpanalalana maka ny toerantsika ka mizaka ny sazy atokan’Andriamanitra ho an’ny olo-meloka. Koa tsy maintsy maty misolo toerana antsika izany io Mpanalalana io, satria ny fahamarinan’Andriamanitra dia mitaky ny fahafatesan’ny olo-meloka.

Izy io dia tsy maintsy “*nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra*” (1 Timoty 2. 6). Saingy olona iza moa no afaka hanao izany, nefa hoy ny Tenin'Andriamanitra hoe : “*Tsy misy mahavotra (mahaloha onitra hanavotana) ny rahalahiny akory, na mahazo manome an'Andriamanitra izay avony (fa sarotra avotra ny ainy, ka tsy azo atao mandrakizay)*” (Salamo 49. 7-8) ?

Iza re no mety ho io Mpanalalana io e ?

Iza no afaka hitondra eo amin'ny tenany ny sazy sahaza ny fahotana, mba tsy hihatra amin'ny olombelona ny fitsaran' Andriamanitra ? Iza no afaka hiaina eo anivon'ny olombelona toy ny “*endrik'Andriamanitra tsy hita*” (Kolosiana 1. 15) ? Iza no afaka hampiseho ny hatsaram-pon'Andriamanitra tsy hita lany, ny fitiavany, ny fangorahany noho ny fahoriantika, ny faniriany hanasitrana antsika ho afaka amin'ny ota ? Iza no afaka hankalaza an'Andriamanitra eto an-tany, amin'ny famahana tanteraka ny olana momba ny ota sy fanadiovana ny mpanota amin'ny otany ? Iza no afaka hijoro eo anoloan'Andriamanitra mba hisolo vava antsika, satria tsy manana fahotana hifonana eo anoloany ? Iza no afaka hilaza fa handoa ny saran'ny fanamelohana ka hiharan'izany, satria manaiky ny fahotan'ny zanak'olombelona ho toy ny azy ?

Raha fintinina, iza no hahatonga ny olona ho afaka hijoro indray eo anoloan'Andriamanitra ?

Araka ny voasoratra, Adama, “*ny olona voalohany avy amin'ny tany, dia tany ; ny olona faharoa dia avy any an-danitra*” (1 Korintiana 15. 47). Io olona faharoa io irery no afaka ho “*Mpanalalana amin' Andriamanitra sy ny olona*” (1 Timoty 2. 5). Avy any an-danitra Izy, hamerina indray ny tantaran'ilay olona voalohany, i Adama, mba hahafa-po an'Andriamanitra. Koa nirahin'Andriamanitra ny Zanany mba ho tonga olombelona (Jaona 1. 14), mba hitady sy hamonjy ny voariny, izay very. Ary dia tonga tokoa Jesosy, ilay “*Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona*”, nitondra “*ny fahasoavana sy ny*

fahamarinana" (Jaona 1. 17) : fahasoavan'Ilay Andriamanitra fitiavana, sy fahamarinan'Ilay Andriamanitra fahazavana.

2.2- MOMBA AN'ANDRIAMANITRA

IRAY ANDRIAMANITRA : *"Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany"* (Deoteronomia 6. 4), nefa io Andriamanitra tokana io ihany koa no naneho ny tenany hoe MANANA ENDRIKA TELO SAMIHAFSA SADY TSY AZO SARAHINA : ny RAY, ny ZANAKA ary ny FANAHY MASINA ; izay no antsoina hoe **TELO IZAY IRAY**, mba hanamora ny fiteny.

Niharihary izany fanambarana an'Andriamanitra izany —Ray, Zanaka, Fanahy Masina— nandritra ny nanaovana batisa an'i Jesosy : *"Ary raha vao natao batisa Jesosy, dia niakatra avy teo amin'ny rano niaraka tamin'izay lzy ; ary indro, nisokatra taminy ny lanitra, ary hitany ny Fanahin'Andriamanitra nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny. Ary, injao ! nisy feo avy tany andanitra nanao hoe : lty no Zanako malalako izay sitrako"* (Matio 3. 16-17).

Nanapa-kevitra Andriamanitra Ray haniraka an'Andriamanitra Zanaka ho etỳ amin'ny olombelona —Andriamanitra Zanaka, Izay efa teo hatrizay hatrizay, mitovy amin'ny Ray, ary efa nisy hatrizay, amin'ny maha Andriamanitra Azy. Tamin'ny fotoanany, tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina, dia hoy Andriamanitra Zanaka : *"Ary ankehitriny, Jehovah Tompo no naniraka Ahy sy ny Fanahiny"* (Isaia 48. 16). Rehefa tonga ny fotoana dia *"nivoaka avy tamin'ny Ray"* (Jaona 16. 28) Andriamanitra Zanaka, tonga nofo —izany hoe nitafy vatan'olombelona— mba handray an-tanana ny hoavin'ny zanak'olombelona very, ka hamonjy azy ireo tsy hiharan'ny fijaliana mandrakizay. Nefa mba hanatanterahany izany drafitra feno fitiavana izany, rehefa ho avy eto an-tany lzy, dia tsy maintsy nisy vahoaka handray Ilay **Andriamanitra sady Olona...**

2.3- ISRAELY, ILAY VAHOAKA NATOKAN'ANDRIAMANITRA MBA HANDRAY NY ZANAK'ANDRIAMANITRA, NY MPANALALANA, NY MPAMONJY IZAO TONTOLO IZAO

Ao amin'ny Baiboly, tamin'ny tantara fahagola, dia natokan' Andriamanitra aloha i Abrahama sy ny taranany, natokany hiala amin'ireo vahoaka marobe mpanompo sampy. Avy eo lzy dia nifidy vahoaka iray, Israely —izay vahoaka kely dia kely tamin'ny voalohany, tsy nanan-kery, saingy nanana razambe, Abrahama, izay nanompo an'Andriamanitra ary tsy nivadika taminy mihitsy. Dia nampanantena an'io vahoaka hebreo io (ny Jiosy) Andriamanitra, hoe amin'ny alalany no hametrahany, indray andro any, fanjakana feno fahamarinana sy fiadanana : *“Fa Abrahama ho tonga firenena lehibe sy mahery tokoa, ary aminy no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany”* (Genesisy 18. 18).

Koa ny nokendren'Andriamanitra dia ny hahasoa ny zanak' olombelona rehetra, tamin'ny nifidianany vahoaka hanomanany fanjakana feno fitahiana. Io fanjakana io dia tokony hapetraky ny irak'Andriamanitra iray, antsoina hoe ny **“Mesia”** (na ny **“Kristy”**, amin'ny teny grika, izany hoe llay **“Voahosotra”**). Io iraka io dia olona efa nomanina hatrizay hatrizay mba hanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao sy hamerina indray ny zon'Andriamanitra eto an-tany, satria simban'ny ota ny tany ka nivarina eo ambany fahefan'i Satana. Hanjaka izy io Mesia io, sady hamerina indray ny fihavanana eo amin'Andriamanitra sy ny olona, ary eo amin'ny samy olona : *“Fa Zaza no teraka ho antsika, zazalahy no omena antsika ; ary ny fanapahana dia eo an-tsorony, ary ny anarany atao hoe Mahagaga, Mpanolotsaina, Andriamanitra Mahery, Rain'ny mandrakizay, Andrianan'ny fiadanana. Ny handrosoan'ny fanapahana sy ny fiadanana dia tsy hanam-pahataperana eo amin'ny sezafiandrianan'i Davida sy ny fanjakany, mba hampioerana sy hampitoerana azy amin'ny rariny sy ny hitsiny, hatramin'izao ka ho mandrakizay”* (Isaia 9. 5-6).

Nolazaina tamin'ny Israely, izay handray ny Mesia, hoe : *“Izao no lazain'i Jehovah, Mpanavotra anao, dia ny Iray Masin'ny Israely : Izaho, Jehovah Andriamanitrao, no nampianatra anao hahita soa sady mitarika anao amin'ny lalana tokony halehanao”*

(Isaia 48. 17).

Saingy hihaino an'Andriamanitra ve ny Israely, ary handray ny Mesiany, Ilay famonjen'Andriamanitra, mba hahatonga ny Fanjakan'Andriamanitra hiorina eto an-tany ?

2.4- NY ZANAK'ANDRIAMANITRA TETO AN-TANY

—Efa nambaran'ny mpaminany ny fomba mahagaga hahaterahany

“Ary noho izany dia ny Tompo no hanome famantarana ho anareo : Indro, hanana anaka ny virijina ka hiteraka zazalahy ; ary ny anarany hataony hoe Imanoela” (Isaia 7. 14). Maria, virijina iray nahita sitraka teo imason'Andriamanitra, dia nilazan'ny anjely hoe : *“Ary, indro, hitoe-jaza ianao ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany dia hataonao hoe Jesosy. Izy ho lehibe ka hatao hoe Zanaky ny Avo Indrindra ; ary Jehovah Andriamanitra hanome Azy ny sezafiandrianan'i Davida rainy ; ary hanjaka amin'ny taranak'i Jakoba mandrakizay Izy ; ary ny fanjakany tsy hanam-pahataperana. Ary hoy Maria tamin'ilay anjely : Hanao ahoana re no hahatanteraka izany, fa tsy mahalala lahy aho ? Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe : Ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao, ary hisy herin'ny Avo Indrindra hanaloka anao ; koa ny Masina Izay hateraka dia hatao hoe Zanak' Andriamanitra”* (Lioka 1. 31-35). Taorianan'ny nahaterahan'i Jesosy dia nahita Azy i Simeona, *“dia nitrotro Azy izy ka nidera an' Andriamanitra nanao hoe : Tompo ô, ankehitriny ny mpanomponao dia alefanao amin'ny fiadanana, araka ny teninao ; fa ny masoko*

efa nahita ny famonjena, izay namboarinao teo anatrehan'ny firenena rehetra, dia fahazavana hahazava ny firenena sady voninahitry ny Israely olonao" (Lioka 2. 28-32).

—Efa nambara ihany koa ny toerana hahaterahany

"Fa ianao, ry Betlehema Efrata, izay kely tsy tokony ho isan'ny arivon'i Joda akory, dia avy ao aminao no hivoahan'izay anankiray ho Mpanapaka ho Ahy ao amin'ny Israely ; hatry ny fahagola no efa nivoahany, dia hatrizay hatrizay" (Mika 5. 1). Na dia efa hatrizay hatrizay aza no nisian'ilay Zanak'Andriamanitra —*Imanoela*, anarana midika hoe "*Amintsika Andriamanitra*"—, dia olona toa antsika Izy, saingy tsy nisy ota : Olona fenon'ny Fanahy Masina Izy, ary Andriamanitra ihany koa.

—Efa nambara ny anarana hoentiny, amin'ny maha Olona Azy

"Ny anarany hataonao hoe Jesosy ; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany" (Matio 1. 21). JESOSY dia midika hoe "*Jehovah no Mpamonjy*".

—Efa nambara ny anton'ny hahatongavany

"Koa nony niditra tamin'izao fiainana izao Izy, dia nanao hoe : 'Ny fanatitra alatsa-dra sy ny fanatitra hohanina tsy mba nilainao, fa tena no namboarinao ho Ahy ; ny fanatitra dorana sy ny fanatitra noho ny ota tsy sitrakao ; dia hoy Izaho : Inty Aho tonga —ao amin'ny horonam-boky no nanoratana Ahy— hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô'" (Hebreo 10. 5-7).

Rehefa mamaky ny Filazantsara, indrindra fa ny vavaka fisoronana nataon'i Jesosy, ao amin'ny Jaona 17, dia hita fa izao no sitrapon'Andriamanitra :

- hanolotra lalam-pamonjena ho an'ny olona, izany hoe hitondra Mpamonjy ;

- hampahafantatra fa Andriamanitra no Ray ;
- haneho ny voninahitr'Andriamanitra amin'ny olombelona, satria voasaronana io voninahitra io noho ny nidiran'ny ota teto an-tany, tamin'ny alalan'i Adama ;
- hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra eto amin'izao tontolo izao ;
- hampahafantatra an'Andriamanitra amin'ny olona, satria noho ny ota dia nivadika tamin'Andriamanitra ny olona ka nitodika tany amin'ireo sampy sy tany amin'i Satana ;
- hampita ny tenin'Andriamanitra amin'ny olombelona, mba haneken'izy ireo fa Jesosy dia nivoaka avy tamin'Andriamanitra, Zanak'Andriamanitra, fa Izy no Kristy, Ilay irak'Andriamanitra, Ilay Mpamonjy izao tontolo izao, Ilay hany lalana mitondra mankany amin'Andriamanitra, Ilay manokatra ho antsika ny varavaran'ny lanitra, ny paradisa.

Raha fintinina, ny Zanak'Andriamanitra dia tonga teto an-tany mba hanome ny fiainana mandrakizay ho an'izay rehetra mino Azy, ary *“izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao”* (Jaona 17. 3).

2.5- NY ASA FANOMPOAN'I JESOSY, ILAY KRISTY

Dia tonga teto an-tany tokoa Jesosy, Ilay Andriamanitra sady **Olona**. Amin'ny lafiny ara-panahy, tena ratsy dia ratsy ny toerana nahitany ny olombelona : lavitra an'Andriamanitra, tsy afaka mihaino ny feony na mahatakatra ny fanatrehany, voagejan'ny ota, very, teo ambany fahefana sy herin'i Satana. Na nampalahelo toy izany aza anefa ny zava-nisy, dia tsy maintsy nanatanteraka ny asa nanirahana Azy Jesosy, Ilay Andriamanitra sady Olona :

- teo amin'ny vahoaka jiosy, izay nampanantenaina fanjakana eto an-tany, ka nilazany hoe : *“Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy ; naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy, sy fampahiratana amin'ny jamba, hanafaka izay nampahorina, hitory ny taona ankasitrahin'i Jehovah”* (Lioka 4. 18-19). Ny nambaran'ny Tompo Jesosy tamin' izany dia ny hametrahana ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany. Saingy tsy azo napetraka io fanjakana io raha tsy nibekaka ny Israely ka nanaiky Azy ho Ilay Mesia, Zanak'Ilay Andriamanitra velona, Ilay Mpanjakan'ny Israely.
- teo amin'izao tontolo izao, izay nilazany hoe : *“Ny Zanak'olona [tonga] hitady sy hamonjy ny very”* (Lioka 19. 10).

Notorin'i Kristy ny **Filazantsara**, izany hoe ny **vaovao mahafaly** manambara fiadanana, manambara fa eo Andriamanitra, mampiasa ny fahasoavany, mba hamonjeny ny olombelona very. Tonga teto an-tany ilay Andriamanitra sady Olona mba handrava ireo asan'ny devoly, hanafaka ny olona amin'ny fahamelohana noho ny ota, ary hiaro azy ireo tsy hiharan'ny famaizana vokatr'izany. Izany no nilazany hoe : *“Andeha isika hiala hankany amin'ny tanàna akaiky, mba hitoriako teny any koa ; fa izay no nahatongavako”* (Marka 1. 38). *“Jesosy avy any Nazareta, izay nohosoran'Andriamanitra tamin'ny Fanahy Masina sy ny hery ... [dia] nandehandeha nanao soa sy nahasitrana izay rehetra azon'ny herin'ny devoly, satria Andriamanitra nomba Azy”* (Asan'ny Apostoly 10. 37-38).

Nitory ny fibebahana ilay Olona sady Andriamanitra, satria ny Filazantsara dia manomboka mandrakariva amin'ny tsy maintsy ilàna ny fibebahana. Ny mibekaka dia tsy hoe manenina fotsiny satria nanota, miaiky fa nanao ratsy, toy ny mpangalatra tratra ambody omby ka miaiky izany.

Ny hoe mibebaka dia mahatsapa aloha fa Andriamanitra mihitsy no nozimbazimbaina —natao tsinontsinona—, manenina mafy mihitsy —ary amin'ny fo tena ory tanteraka— noho ny ota natao, mahatsapa fa mila famelan-keloka, maniry mafy ny hiala amin'ny ratsy, mikatsaka famelan- keloka avy amin'Andriamanitra. Raha tsy mibebaka ny olona, dia mizotra mahitsy mankany amin'ny fitsaran'Andriamanitra. Izany no anamafisan'i Jesosy hatrany hatrany ny tsy maintsy ibebahana. Mandraka androany Andriamanitra dia mbola mandidy ny olona mba hibe-baka : *“Andriamanitra ninia tsy nijery ny andron'ny tsy fahalalana ; fa ankehitriny Izy mandidy ny olona rehetra amin' izao tontolo izao hibe-baka”* (Asan'ny Apostoly 17. 30).

Tamin'ny asa fanompoany, ny Zanak'Andriamanitra dia nanolo-tena tanteraka ho an'Andriamanitra Rainy. Izany no nilazany hoe : *“Izaho manao izay sitrany (sitraky ny Ray) mandrakariva”* (Jaona 8. 29). Dia nanambara avy any an-danitra ny Ray hoe : *“Ity no Zanako malalako, Izay sitrako”* (Matio 17. 5).

Tanterak'ilay Olona sady Andriamanitra ny asa nankin'ny Ray taminy. Koa dia niteny Izy, tamin'ny vavaka nataony tamin'ny Rainy, hoe : *“Izaho efa nankalaza Anao tetỳ ambonin'ny tany ; vitako ny asa nomenao Ahy hataoko”* (Jaona 17. 4). Koa tonga teto an-tany ny Zanak'Andriamanitra, teo anivon'ny vahoaka Israely, ilay vahoaka natokan'Andriamanitra mba hitsena sy handray tsara ny Kristy, Ilay Mesia Mpamonjy.

2.6- TSY NEKEN'NY ISRAELY I JESOSY, TSY NEKENY HO ILAY ZANAK'ANDRIAMANITRA, NA HO ILAY MESIANY, NA HO ILAY MPANJAKANY

“Tonga tany amin’ny Azy Izy (Jesosy), fa ny Azy tsy nandray Azy” (Jaona 1. 11). Faratampon’izany fandàvana izany, dia nanambara ireo mpitondra fivavahana jiosy hoe : *“Tsy manaiky hanjakan’iny lehilahy iny izahay”* (Lioka 19. 14), ary nomelohiny ho faty Jesosy : *“Izahay manana lalàna, ary araka izany lalàna izany dia tokony ho faty Izy, satria nanao ny tenany ho Zanak’Andriamanitra”* (Jaona 19. 7).

Ankoatra ireo mpitondra fivavahana, dia ny vahoaka Israely manontolo mihitsy no nitady ny fahafatesan’i Kristy. Izany no ambara mazava amin’izao tantara izao : *“Ary ny lohan’ny mpisorona mbamin’ny loholona nitaona ny vahoaka mba hangataka an’i Barabasy ary hamono an’i Jesosy. Fa ny governora namaly ka nanao taminy hoe : Iza moa amin’izy roa lahy no tianareo halefako ho anareo ? Dia hoy izy : Barabasy. Hoy Pilato taminy : Ka ahoana kosa ary no hataoko amin’i Jesosy, Izay atao hoe Kristy ? Dia hoy izy rehetra : Aoka hohomboana amin’ny hazofijaliana Izy. Fa hoy ny governora : Inona ary no ratsy nataony ? Fa vao mainka niantsoantso izy ka nanao hoe : Aoka hohomboana amin’ny hazofijaliana Izy !*

Ary raha hitan’i Pilato fa tsy nahaleo ditra azy izy, fa vao mainka nandroso ihany aza ny tabataba, dia naka rano izy ka nanasa tàmàna teo anatrehan’ny vahoaka ary nanao hoe : Afaka amin’ny ran’ity Lehilahy marina ity aho, fa asa anareo. Ary ny olona rehetra dia namaly ka nanao hoe : Aoka ny rany ho aminay mbamin’ny zanakay” (Matio 27. 20-25).

Araka izany, dia ny fiarahamonina manontolo —Jiosy sy tsy Jiosy, mpitondra fivavahana sy mpitondra ara-politika, miaramila romana sy ny vahoaka— no nandà an’i Kristy sy nanombo Azy

teo amin'ny hazofijaliana : *“Teo no nanomboana Azy tamin'ny hazofijaliana, ary nisy roa lahy koa niaraka taminy, iray avy teo an-daniny roa, ary Jesosy teo afovoany”* (Jaona 19. 18).

—Fa naninona moa Israely no tsy nahalala ny Mesiany ?

Ny antony lehibe indrindra dia ny fandàvana Mesia tonga tao anaty fietrena, fanetrentena, fahantrana ; Mesia miresaka ota, fibebahana, fahamarinana, fitsarana, fahateraham-baovao ; Mesia mankatò an'Andriamanitra sy manome ho Azy ny voninahitra manontolo ; ... raha fintinina, Mesia tsy manintona ary tsy tiana hiaraha-miaina. Efa nambaran'ny mpaminany Isaia ny tsy fitokisan' ny vahoaka ny Mesia, azo lazaina mihitsy aza hoe ny tsy firaharahany Azy : *“Tsy nanana endrika na fahatsaran-tarehy Izy ; ary raha nijery Azy isika, dia tsy nisy hatsaran-tarehy haniriansika Azy. Natao tsinontsinona sy nolavin'ny olona Izy ; lehilahy ory sady zatra ny fahoriana, ary tahaka izay tsy tian'ny olon-kojerena akory Izy ; natao tsinontsinona Izy ka tsy mba nahoantsika”* (Isaia 53. 2-3).

Ny Jiosy dia nanana toe-panahy ratsy : tsy nety niaiky ireo fahotany izy ireo, ary nandà tsy hibebaka. Ny nilainy dia Mesia hanafaka azy ireo amin'ny Romana mpanjanaka. Fa raha momba ny zavatra hafa kosa, ny Jiosy dia afa-po sy nirehareha tamin'ny fivavahany, ny tempoliny sy ireo fombafomba fanao ao. Koa noheveriny fa tsy nilaina izany fibebahana izany. Ary na nahatalanjona azy aza ireo fahagagana nataon'i Jesosy, dia ny hafatra nentiny, aloha, no nolaviny —satria mampirisika mafy hibebaka— ary avy eo dia Jesosy tenany mihitsy no nolaviny.

2.7- MATY JESOSY, NITSANGANA TAMIN'NY MATY JESOSY

Jesovy mihitsy no efa nilaza tamin'ny mpianany hoe : *“Ny Zanak’olona tsy maintsy hijaly mafy ka holavin’ny loholona sy ny lohan’ny mpisorona ary ny mpanora-dalàna, dia hovonoiny, ary rehefa afaka hateloana, dia hitsangana indray Izy”* (Marka 8. 31). Nanaiky an-tsitrapo ny fahafatesana Jesovy, na dia nanana fahefana haka ny ainy ihany koa aza : *“Izaho manolotra ny aiko, mba handraisako azy indray. Tsy misy manaisotra ny aiko amiko... Manana fahefana hanolotra azy Aho, ary manana fahefana haka azy indray”* (Jaona 10. 17-18).

Teo amin’ny hazofijaliana dia niaiky tamin’Andriamanitra Jesovy fa ny otantsika dia otany : *“Nahazo ahy ny heloko, ka tsy mahay mijery aho ; maro noho ny volon-dohako ireny”* (Salamo 40. 12). Neken’i Jesovy ho Azy ny fanamelohana sahaza ny fahotantsika : *“Ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy (namelezana an’i Jesovy nohomboana teo amin’ny hazofijaliana)... ary nataon’i Jehovah nihatra taminy avokoa ny helotsika rehetra”* (Isaia 53. 5-6).

Rehefa avy niteny Jesovy hoe *“Vita”* (Jaona 19. 30), dia niditra an-tsitrapo sy am-pandresena tao amin’ny fahafatesana : *“Raiko ô, eo an-tànanao no atolotro ny fanahiko”* (Lioka 23. 46).

Dia **maty Jesovy, sorona masina sy madio** :

- *“natolotra indray mandeha hitondra ny otan’ny maro”* (Hebreo 9. 28) ;
- *“nahazo fanavotana mandrakizay”* ho an’ny rehetra (Hebreo 9. 12).
“Izy no ananantsika fanavotana amin’ny rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny harenan’ny fahasoavany” (Efesiana 1. 7).

Afa-po tanteraka tamin'ny asan'ny Zanany Andriamanitra, ka nanangana Azy ny andro fahatelo : *“Fa ny Tompon'ny aina kosa no novonoinareo ; fa Izy natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty”* (Asan'ny Apostoly 3. 15).

2.8- NOMEN'ANDRIAMANITRA VONINAHITRA JESOSY KA NASANDRANY HO AMBONIN'NY ZAVA-DREHETRA

“Jehovah nilaza tamin'ny Tompoko (Jesosy) hoe : ‘Mipetraha eo an-tànako ankavanana, ambara-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao’. Koa aoka ho fantatry ny taranak'Israely rehetra marimarina fa iny Jesosy nohomboanareo tamin'ny hazofijaliana iny dia efa nataon'Andriamanitra ho Tompo sy Kristy” (Asan'ny Apostoly 2. 34-36). Tompo sy Kristy : ireo indrindra no anaram-boninahitra tena tsy tian'ny vahoaka jiosy nekena fa an'i Jesosy ! Ary ireo mpitondra fivavahana mihitsy no nitarika ny vahoaka ho amin'izany fandavana izany.

2.9- NIRAHIN'ANDRIAMANITRA HO ETÛ AN-TANY NY FANAHY MASINA

Ary satria efa nomem-boninahitra toy izany Jesosy, dia nirahin' Andriamanitra ho etÛ an-tany ny Fanahy Masina, *“fa ny Fanahy tsy mbola nomena, satria Jesosy tsy mbola niditra tamin'ny voninahiny”* (Jaona 7. 39). *“Ary nony tonga ny Andro Pentekosta, dia teo amin'ny fitoerana iray izy rehetra... Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra”* (Asan'ny Apostoly 2. 1, 4). Izany koa dia efa nambaran'i Jesosy mialoha : *“Ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo”* (Jaona 14. 26).

2.10- AMBARA AMIN'NY OLONA REHETRA NY FAMONJENA

Fenon'ny Fanahy Masina ireo apostoly, ka nanjary vavolombelona mahery ho an'Ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty sy nomemboninahitra. Natoky tena izy ireo, nanomboka nanambara fa :

—meloka avokoa ny olona rehetra, eo anatrehan'Andriamanitra

- Ny olona rehetra dia samy *“mpanota avokoa ... araka ny voasoratra hoe : ‘Tsy misy marina na dia iray akory aza’ ”* (Romana 3. 9-10) ;
- *“Fa tsy misy hafa, fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra”* (Romana 3. 22-23) ;
- Samy meloka avokoa, eo anatrehan'Andriamanitra, ka *“tsy misy nofo hohamarinina amin'ny asan'ny lalàna eo anatrehany”* (Romana 3. 20) ;
- Tsy misy afa-tsy ny fanamelohana ara-drariny hampiharinar' Andriamanitra, dia ny fahaverezana mandrakizay, no sahaza ny tsirairay, tsy ankanavaka : *“Fa fahafatesana no tambin' ny ota”* (Romana 6. 23).

—te hamonjy ny olona rehetra Andriamanitra

“Mahatoky ka tokony hekena amin'ny fankasitrahana rehetra izao teny izao : tonga tetỳ ambonin'ny tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota” (1 Timoty 1. 15).

“Andriamanitra, Mpamonjy antsika, ... tia ny olona rehetra hovonjena ka ho tonga amin'ny fahalalana ny marina” (1 Timoty 2. 3, 4).

Fanamarihana :

Tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha, mba hahazoana manarona ny fahotana sy mamela izany, ny Jiosy nanao fahotana dia nanolotra ho an'Andriamanitra —araka ny lalànan'i Mosesy— biby tsy misy kilema, biby novonoina hisolo toerana azy. Saingy tsy nahafa-po an'Andriamanitra izany fombafomba rehetra izany, satria *“tsy mahaisotra ny ota ny ran'ombilahy sy ny ran'osilahy. Koa nony niditra tamin'izao fiainana izao Izy (Kristy), dia nanao (tamin'Andriamanitra) hoe : “Ny fanatitra alatsa-dra sy ny fanatitra hohanina tsy mba nilainao, fa tena no namboarinao ho Ahy ; ny fanatitra dorana sy ny fanatitra noho ny ota tsy sitrakao ; dia hoy Izaho : Inty Aho tonga —ao amin'ny horonamboky no nanoratana Ahy— hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô”.* Rehefa nolazainy teo hoe : *“Ny fanatitra alatsa-dra sy ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra dorana ary ny fanatitra noho ny ota” (dia ireny aterina araka ny lalàna) “no tsy ilainao ary tsy sitrakao”, dia hoy indray Izy : “Inty Aho tonga hanao ny sitraponao.” Manaisotra ny voalohany Izy mba hampitoerany ny faharoa. Amin'izany sitrapo izany no nanamasinana antsika tamin'ny nanaterana ny tenan'i Jesosy Kristy indray mandeha”* (Hebreo 10. 4-10).

Koa tonga teto an-tany Jesosy, *“tsy mba nitondra ran'osilahy sy ran-janak'omby ... fa ny ran'ny tenany”* (Hebreo 9. 12). Maty Izy, natao sorona noho ny ota, nisolo toerana nitondra ny fahotan' ireo rehetra mino Azy. Ary ambonin'izany, *“Izy no ambaran'ny mpaminany rehetra, fa **amin'ny anarany no hahazoan'izay rehetra mino Azy famelan-keloka**”* (Asan'ny Apostoly 10. 43).

Mba hahatakarana bebe kokoa :

“Fa ny lalàna, izay misy aloky ny zava-tsoa ho avy, fa tsy ny tena endrik'izany zavatra izany, dia tsy mba mahatanteraka ny olona manatona amin'izay fanatitra ateriny mandrakariva isantaona.” (Hebreo 10. 1).

Koa ireo sorona rehetra natolotra tao amin'ny Testamenta Taloha (*fanatitra, fanatitra dorana, fanatitra noho ny ota...*) dia tsy inona fa aloka (kisarisy) manambara Ilay Kristy izay ho avy, satria io Kristy io no Ilay tena Izy. Iza no tanjona, tamin'ny nanolorana ireo sorona ireo : mba hanjary lavorary ilay olona manolotra, mba hahazo ny fankasitrahan'Andriamanitra, ny fahasambarana any ankoatra, izany hoe ny paradisa, antsoin'ny Jiosy ihany koa hoe “*ao an-tratran'i Abrahama*”.

Satria tonga ny Kristy, dia tanteraka *tao aminy* avokoa ny sorona rehetra. Koa voasoratra hoe :

“*Kristy ... natolotra indray mandeha hitondra ny ota'ny maro*” (Hebreo 9. 28) ; “*Maty hamonjy antsika Kristy*” (Romana 5. 8) —fahafatesana nisy ra latsaka, satria “*raha tsy misy ra alatsaka, dia tsy misy famelan-keloka*” (Hebreo 9. 22)— ; ary “*Ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra*” (1 Jaona 1. 7).

“*Kristy ... nanatitra ny tenany tsy manan-tsiny ho an'Andriamanitra*” (Hebreo 9. 14), “*ka nahazo fanavotana mandrakizay*” (Hebreo 9. 12) —zavatra izay tsy vitan'ireo fombafomba nasaina notanterahina tao amin'ny Testamenta Taloha !

“*Fa ny fanatitra iray ihany no efa nahatanterahany (nahatanterahan'i Kristy) ho mandrakizay izay olona hamasinina*” (Hebreo 10. 14).

Jesosy Kristy “*dia efa naseho indray mandeha ... mba hanafaka ny ota tamin'ny nanaterany ny tenany*” (Hebreo 9. 26), “*mba hahazoan'izay voantso ny teny fikasana, dia ny lova mandrakizay*” (Hebreo 9. 15).

3- NY FAMONJENA DIA AZO NOHO NY FINOANA

3.1- IZAY MANAIKY FA JESOSY NO KRISTY, MATY NOHO NY FAHOTAN'NY OLONA ARY NITSANGANA TAMIN'NY MATY, DIA VOAVONJY : NATERAKA INDRAY IZY, MANANA NY FIAINANA MANDRAKIZAY, ARY HO ANY AM-PARADISA

Mba hahavoavonjy, dia tsy mila manao asa andidian'ny lalanan'i Mosesy, na asa hafa, satria *“efa naharihary ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra, tsy amin'ny lalàna anefa, fa ambaran'ny lalàna sy ny mpaminany, dia ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra, amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy, ho an'izay rehetra mino ; fa tsy misy hafa, fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra”* (Romana 3. 21-23). Ampy izany ny mino an'i Jesosy Kristy, izany hoe matoky tanteraka ny asa fanoneram-pahotana nataony. Saingy ny hoe mino an'i Jesosy aho, dia midika fa manaiky Azy ho Ilay Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra maty noho ny fahotako, ary tsy izany ihany, fa mino ny lazainy hoe mpanota aho, tsy maintsy mibebaka, ary ny rany no hany manadio ahy ho afaka amin'ny fahotako rehetra. Noho izany, ireo rehetra mino ny sorona nataon'ny Tompo Jesosy dia *“hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavany ... noho ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy, izay nasehon'Andriamanitra tamin'ny rany ho fanavotana amin'ny finoana, hanehoana ny fahamarinany amin'ny tsy namalian'Andriamanitra ny fahotana lasa tamin'ny*

nandeferany, mba hanehoana ny fahamarinany ankehitriny, mba ho marina Izy sady hanamarina izay manana finoana an'i Jesosy" (Romana 3. 24-26).

Mba hahatakarana bebe kokoa :

Tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha (ary na dia fony teto an-tany koa aza ny Tompo Jesosy), ny tanjon'ny fivavahan'ny Israelita, misy ireo fombafomba sy fankalazana isan-karazany, dia ny hanatanterahana ireo fitakian'Andriamanitra, antsoina hoe "*asan'ny lalàna*" —izany zavatra takian'Andriamanitra izany dia noraketina tao amin'ny bokin'ny Lalàna, boky antsoina ihany koa hoe lalànan'i Mosesy. Rehefa manao izay andidian'ny Lalàna ny Israelita, dia manatanteraka asan'ny lalàna, asa antsoina ihany koa hoe asan'ny fahamarinana (satria nihevitra izy fa marina rehefa manao izany).

Raha nahavita an-tsakany sy an-davany izay rehetra voasoratra tao amin'ny lalànan'i Mosesy izy, dia ho nohamarinina noho ny asan'ny lalàna, izany hoe ho nambaran'Andriamanitra fa marina sy masina, satria nahatanteraka izay rehetra nolazain'ny Lalàna. Koa ho nahazo famelan-keloka izy, ho voavonjy, ho nandova ny fiainana mandrakizay. Iza anefa no afaka manatanteraka an-tsakany sy an-davany izay rehetra andidian'ny Lalàna ?

Iza ? Nefa fantatra fa ny olombelona, noho ny ota ao anatiny, dia mirona hatrany hanao ny ratsy ; ary tsy izany ihany, fa manao ny ratsy mihitsy, raha vao mahita lalana hanaovana izany.

Raha ny marina, tsy nisy afaka nifikitra hanao izay rehetra voasoratra ao amin'ny bokin'ny Lalàna ; noho izany, tsy nisy olona azo nohamarinina noho ny asan'ny lalàna nataony, satria eo imason'Andriamanitra, "*tsy misy marina na dia iray akory aza... fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra*" (Romana 3. 10, 23).

—Ny fanamarinana dia tsy avy amin’ny fanatanterahana ny asan’ny lalàna, fa noho ny fahasoavan’Andriamanitra irery ihany

Ny fanambaran’Andriamanitra hoe marina sy masina —ny fanamarinana— dia tsy afaka mifototra, na amin’ny fanatanterahana ny asa andidian’ny lalànan’i Mosesy (satria tsy nisy, ary tsy hisy, olona afaka manao izany), na amin’ny fanatanterahana lalàna hafa napetraka ho an’ny tena, na amin’ny fanaovana asa soa ; satria *“tsy hamarinina amin’ny asan’ny lalàna ny olona, fa amin’ny finoana an’i Jesosy Kristy”* (Galatiana 2. 16).

—Koa ny finoana an’i Jesosy Kristy irery ihany no mahatonga ho voavonjy sy hamarinina

Araka izany, na iza na iza mino, dia toloran’Andriamanitra ny fahamarinany : fahasoavana re izany ! Tsy iadian-kevitra ny maha tena Vaovao Mahafaly tokoa ny Filazantsara, satria *“amin’izany no anehoana fahamarinana avy amin’Andriamanitra, avy amin’ny finoana sy ho amin’ny finoana”* (Romana 1. 17) —finoana ny Zanak’Andriamanitra, finoana manokatra ny lalana ho amin’ny famelan-keloka.

Raha vao nanomboka ny asa fanompoany ny apostoly Paoly, dia efa nanambara io vaovao mahafaly io toy izao : *“Izany Lehilahy izany (Jesosy Kristy) no itoriana famelan-keloka aminareo ; ary ao aminy no anamarinana izay rehetra mino, ho afaka amin’ny heloka rehetra izay tsy azo nanamarinana anareo tamin’ny lalànan’i Mosesy”* (Asan’ny Apostoly 13. 38-39). Tatỳ aoriana dia io apostoly io ihany no nanoratra tamin’i Titosy hoe : *“Fa rehefa niseho ny fahamoram-panahin’Andriamanitra, Mpamonjy antsika, sy ny fitiavany ny olona, dia tsy avy tamin’ny asa amin’ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindrampo kosa no namonjeny antsika, tamin’ny fanasan’ny fiterahana indray sy ny fanavaozan’ny Fanahy Masina, Izay naidiny betsaka tamintsika*

tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy, Mpamonjy antsika, mba hohamarinina amin'ny fahasoavany isika ka ho tonga mpandova araka ny fanantenana ny fiainana mandrakizay” (Titosy 3. 4-7).

“Dia nino an'i Kristy Jesosy koa isika (izay tena kristiana) mba hohamarinina amin'ny finoana an'i Kristy, fa tsy amin'ny asan'ny lalàna” (Galatiana 2. 16).

Famintinana :

Ny zanak'olombelona rehetra no hita fa meloka eo anatrehan' Andriamanitra sady voaporofa fa *tsy afaka hahatakatra ny fahamarinana takian'Andriamanitra*. Koa ny **fanamarinana noho ny finoana** irery ihany —ny finoana Ilay Zanak'Andriamanitra nasandratra teo amin'ny hazofijaliana mba hitondra *“ny fahotantsika tamin'ny tenany teo ambonin'ny hazo”* (1 Petera 2. 24)— ny fanamarinana noho ny finoana irery ihany no mamaly ny filàn'ny olona famonjena.

Koa rehefa manaiky ny fahotany sy ny toeram-pahaverezana misy azy eo anatrehan'Andriamanitra ny olona iray, rehefa mino fa maty Jesosy Kristy mba hamonjy azy, nandray ny fahotany rehetra ho toy ny Azy ka nizaka ny famaizana sahaza izany, ary rehefa raisin'io olona io ho azy ny tombontsoa avy amin'izany sorona nataon'i Kristy izany, dia manadio azy ho afaka amin'ny fahotana rehetra ny ran'i Jesosy nalatsaka teo amin'ny hazofijaliana : voavela ny helok'io olona io, ary hamarinina izy, izany hoe ambaran'Andriamanitra fa marina.

Noho izany, io olona nino ny Zanak'Andriamanitra io dia voavonjy tsy ho any amin'ilay afo tsy mety maty (ny helo), mandova ny fiainana mandrakizay ary hiditra any am-paradisa.

Koa mba hahazoana ny famonjena, izany hoe ny fiainana mandrakizay eo anilan'Andriamanitra any an-danitra, dia tsy maintsy mametraka ny fitokisana —ny finoana— amin'i Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra, satria :

- Jesosy “*Izay tsy nahalala ota dia efa nataony (nataon’ Andriamanitra) ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan’Andriamanitra ao aminy kosa isika*” (2 Korintiana 5. 21).
- “*Ary tsy misy famonjena amin’ny hafa ; fa tsy misy anarana hafa ambanin’ny lanitra nomena ny olona, izay hahazoantsika famonjena*” (Asan’ny Apostoly 4. 12).

Noho izany, zava-poana ny hitadiavan’ny olona “*hanamarina ny tenany*” (Romana 10. 3) amin’ny fanaovana ny asan’ny lalàna (na asa hafa, na dia mendri-piderana aza izany, na dia feno fahamorampo sy hitsimpo aza), mba ho voavonjy, satria “*tsy misy nofo hohamarinina amin’ny asan’ny lalàna*” (Galatiana 2. 16). “*Koa amin’izany dia ataontsika fa finoana no anamarinana ny olona, fa tsy ny asan’ny lalàna*” (Romana 3. 28).

3.2- IZAY MANAIKY NY VAOVAO MAHAFALY MANAMBARA NY FAMONJENA NOHO NY FINOANA DIA VOAVONJY : TSY HO ANY AMIN’ILAY AFO TSY METY MATY (NY HELO) IZY

- Voadio ny ao anatin’izy ireo, noho ny “*rano fanasana amin’ny teny*”, dia ny Tenin’Andriamanitra : voadio ny fony, ny fitiavany, ny sainy, ny fiheviny... Voasasa avokoa ireo fahalotoana rehetra tao anatin’ny ;
- Mandray ny aina omen’Andriamanitra izy ireo : ain’Andriamanitra, aina vaovao, toetra vaovao —ary izany no atao hoe “*ateraka indray*”— : “*Izay mino (an’i Jesosy) no manana fiainana mandrakizay*” (Jaona 6. 47) ;

- Manjary zanak'Andriamanitra izy ireo : *“Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, dia ireo izay tsy nateraky ny ra, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa naterak' Andriamanitra”* (Jaona 1. 12-13).

Ireo olona ireo, izay naterak'Andriamanitra, nateraka indray, dia afaka miteny ankehitriny hoe : *“Endrey ! manao ahoana ny fitiavana nasehon'ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra, sady izany tokoa isika ! ... Ry malala, ankehitriny aza **dia zanak'Andriamanitra isika**”* (1 Jaona 3. 1, 2).

3.3- MAIMAIMPOANA NY FAMONJENA : OMENA NOHO NY FAHASOAVANA IZANY

“Izay rehetra mino fa Jesosy no Kristy dia naterak'Andriamanitra” (1 Jaona 5. 1) : mandray ny fiainana mandrakizay izy, satria *“fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra, ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika”* (Romana 6. 23) ;

“Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana ; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra ; tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha” (Efesiana 2. 8-9).

3.4- FIAVANANA AMIN'ANDRIAMANITRA, FAHAZOANA NY FANKASITRAHANY, FANANTENANA BE VONINAHITRA, FIAINANA MANDRAKIZAY MIARAKA AMIN'ANDRIAMANITRA : IZANY NO AZON'IZAY OLONA REHETRA MINO AN'I JESOSY KRISTY

“Jesosy Tompontsika ... [dia] natolotra noho ny fahadisoan-tsika ka natsangana indray ho fanamarinana antsika” (Romana 4. 24, 25). Afa-po tanteraka Andriamanitra tamin'ny asa nataon'ny Zanany teo amin'ny hazofijaliana —porofon'izany ny nananganany Azy tamin'ny maty. Koa nesorina izay rindrina rehetra nampisarakana antsika tamin'Andriamanitra, noho ny fahotantsika : tsy misy na inona na inona intsony manelanelana antsika amin'Andriamanitra.

Ary izao no voasoratra : *“Koa amin'izany, satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin' Andriamanitra, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Tamin'ny alalany koa no efa nahazoantsika fanatonana amin'ny finoana ho amin'izao fahasoavana itoerantsika izao, ka dia aoka isika hifaly amin'ny fanantenana ny voninahitr'Andriamanitra”* (Romana 5. 1-2).

3.5- MBOLA MANAN-KERY MANDRAKA ANKEHITRINY IO TENY MILAZA FAHASOAVANA IO

Izay mino ny asa fanonerana nataon'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana dia ambaran'Andriamanitra fa marina eo anatrehanany, tsy hoe satria izy nanao asa nahafa-po an'Andriamanitra tsy akory, fa satria izy afaka miteny amin'Andriamanitra hoe : « Miaiky aho fa mpanota, very aho, tsy mendrika ny hiseho eo anatrehanao. Fantatro fa ny fahaverezana mandrakizay ihany no sahaza ahy. Tsy afaka ny ho mendrika ny lanitra aho, noho ireo asa soa na ireo ezaka nataoko ; kanefa fantatro ary ekeko fa ny

Tompo Jesosy dia nanolotra ny tenany hamonjy ahy : nisolo toerana ahy Izy, nitondra ireo fahotako rehetra, koa nataonao nihatra taminy ny famaizana tokony ho nihatra tamiko. Nanaiky ny sorona nataony lanao, ka nanangana Azy tamin'ny maty, koa inty aho manatona Anao, mametraka tanteraka ny fitokisako —ny finoako— ao amin'Ilay Zanak'Andriamanitra, dia Jesosy Kristy, Ilay Mpamonjy izao tontolo izao, Izay maty teo amin'ny hazofijaliana, mba hamonjy ahy. Satria aho ankehitriny mahazo tombontsoa amin'io sorona nataon'i Jesosy io, dia voafafa avokoa ny fahotako rehetra, tsy eo anatrehanao intsony, Andriamanitra ô ! Fantatro fa navelanao ny heloko. Mino izany aho, satria lanao no nilaza izany sy nampanoratra ao amin'ny Teninao hoe : *“Ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra”* (1 Jaona 1. 7). Koa dia mahazo antoka aho fa voavonjy : manana ny ain'Andriamanitra ato anatiko aho, ny fiainana mandrakizay ; nateraka indray aho, matoky aho fa ho avy ny andro izay hiainako ho mandrakizay eo anilanao any andanitra, any am-paradisa. Tsy ho very any amin'ny helo aho. »

3.6- IREO IZAY MANAIKY NY VAOVAO MAHAFALY MANAMBARA NY FAMONJENA DIA ANTSOINA HOE KRISTIANA ; VAHOAKA VAOVAO IZY IREO, VAHOAKAN'ANDRIAMANITRA

Ny olona tsirairay mino an'i Jesosy, maty hamonjy azy, dia antsoina hoe kristiana. Ireo olona ireo dia hampiseho fa tena kristiana tokoa izy ireo, satria azo itarafana an'i Kristy eo amin'ny fiainany, eo amin'ny fitondrantenany, eo amin'ny teny lazainy, ... eo amin'ny fandehany andavanandro. *“Ary tany Antiokia no voalohany nanaovana ny anaran'ny mpianatra hoe Kristiana”* (Asan'ny Apostoly 11. 26) : nantsoina toy izany izy ireo, satria niaina tahaka an'i Kristy.

Ny fitambaran'ireo kristiana rehetra ireo dia mandrafitra vahoaka iray voatokana ho an'Andriamanitra, vahoaka novidin' Andriamanitra tamin'ny *“ra soan'i Kristy”* (1 Petera 1. 19).

Mandraka ankehitriny isika dia mbola ao anatin'ny vanim-potoana itaoman'ny fahamoram-panahin'Andriamanitra antsika handray ny famotsoran-keloka atolony. Mandraka ankehitriny Andriamanitra dia mbola manampy ireo izay mino an'i Jesosy Zanany —na Jiosy izy na jentilisa— ho anisan'ilay vahoakany vaovao, dia *“olona avy tamin'ny fokom-pirenena rehetra sy ny samihafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra”* (Apokalypsy 5. 9).

Andriamanitra dia miasa amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Izao tokoa mantsy no nolazain'i Jesosy momba ny anjara asan'ny Fanahy Masina amin'ny tontolo tsy mino : *“Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana : ny fahotana, satria tsy mino Ahy izy ; ny fahamarinana, satria mankany amin'ny Ray Aho, ka tsy mahita Ahy intsony ianareo ; ny fitsarana, satria ny andrianan'izao tontolo izao dia efa voatsara”* (Jaona 16. 8-11). Koa mandraka ankehitriny, dia mbola miasa hatrany ny Fanahy Masina mba handresy lahatra izao tontolo izao momba ny ota (satria nanilika an'i Kristy ny olona), momba ny fahamarinana (satria tsy eo amin'izao tontolo izao ny fahamarinana, fa ao amin'i Kristy), ary momba ny fitsarana (efa resy teo amin'ny hazofijaliana ny devoly ary ireo mpanara-dia azy dia hotsaraina) : miasa ny Fanahy Masina mba hanosika ny olona hino an'i Kristy Jesosy, mba ho voavonjy.

3.7- DIA AHOANA IZANY ISRAELY, ILAY VAHOAKA TSY NANAIKY HANDRAY NY MESIA ?

Najanon'Andriamanitra aloha ny fifandraisany amin'ny Israely, satria nandà tsy handray ny Mesiany io vahoaka io. Nahariharin' ny Tompo Jesosy ny tena antony nanilihana Azy :

- ny toe-panahy ratsy teo amin'ny vahoaka ; ary efa nolazainy tamin'izy ireo izany : *“Fa tonga amin'izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon'ny olona ny maizina toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany”* (Jaona 3. 19) ;
- ny fankahalan'ny Israely Azy, fankahalana asehony amin'ity fanoharana ity : *“Fa ny vahoakany nankahala azy, dia nampitondra teny nanaraka azy nanao hoe : Tsy manaiky hanjakan'iny lehilahy iny izahay”* (Lioka 19. 14).

Nisy fotoana mantsy nitenenan'Andriamanitra tamin'ny Israely hoe :

- *“Mpaminany no hatsangako ho azy avy amin'ny rahalahiny, tahaka anao (an'i Mosesy), ka hataoko ao am-bavany ny teniko, ary holazainy aminy izay rehetra handidiako azy”* (Deoteronomia 18. 18) ;
- *“Raha hihaino ny feoko tokoa ianareo ka hitandrina ny fanekeko, dia ho rakitra soa ho Ahy mihoatra noho ny firenena rehetra ianareo ; fa Ahy ny tany rehetra. Dia ho fanjakà-mpisorona sy ho firenena masina ho Ahy ianareo”* (Eksodosy 19. 5-6).

Indrisy anefa, tsy nihaino ny feon'Andriamanitra ny Israely, tsy nohenoin'izy ireo ny feon'i Jesosy, Ilay Kristy, ilay Iraka nampantenain'Andriamanitra azy ireo : tsy nino ny vahoaka. Koa noho *“ny tsy finoany”* (Romana 11. 20), tsy finoana nitarika ny fandavana an'i Jesosy, Ilay Kristy, dia very ho an'ny Israely ny zava-dehibe,

dia ny famelana ny helony, ny famonjena, ny fihavanana amin' Andriamanitra, ny fahazoana manatona an'Andriamanitra, ny tena fivavahana marina...

Raha atao bango tokana, very ho an'ny Israely, amin'ny maha firenena azy, ireo fitahiana lehibe nananany. Mampalahelo tokoa ! satria, marina fa an'Andriamanitra avokoa ny firenena rehetra eto an-tany, saingy nanana andraikitra manokana kosa ny Israely, dia ny ho mpanalalana hampahafantatra an'Andriamanitra amin' ny hafa, ary koa ny hanao fanompoam-panahy ho an'Andriamanitra. Tsy tanteraky ny vahoaka Israely ireo tanjona roa ireo, satria :

- notadiaviny hanindrahindra ny firenena Israely irery Andriamanitra ;
- ny fivavahana jiosy dia nataony mifototra amina fombafomba sy asa, fivavahana tsy misy aina, fivavahana tsy misy an'i Kristy.

Very ho an'ny Israely koa ny zo maha vahoakan'Andriamanitra azy, maha firenena masina azy. Iza dia vahoaka vaovao —ny kristiana— no nahazo ny fitahiana ara-panahy, ary tsy izany ihany, fa naka ny toerana feno tombontsoa maha vahoakan' Andriamanitra. Nefa na dia vahoaka vaovaon'Andriamanitra aza ny kristiana, dia tsy misolo toerana ny Israely eto an-tany tsy akory. Iza no lazaina momba ny kristiana : *“Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, “fanjakà-mpisorona, firenena masina”, olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany, mba hilazanareo ny hatsaran' llay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga ; dia **ianareo izay tsy firenena akory fahiny, fa ankehitriny efa olon'Andriamanitra** ; izay tsy namindrana fo, fa ankehitriny efa namindrana fo”* (1 Petera 2. 9-10).

Nefa na tsy vahoaka manana tombontsoa manokana intsony aza ny Israely, amin'ny maha firenena azy, ny olona tsirairay any Israely kosa dia mitovy zo amin'ny olon-drehetra (tsy Jiosy), satria *“Andriamanitra nanidy azy rehetra tamin'ny tsy fanekena, mba hamindrany fo amin'izy rehetra”* (Romana 11. 32). Ka raha misy Jiosy mino fa Jesosy no Ilay Zanak'Andriamanitra, ary manaiky hahazo tombontsoa amin'ny sorona nataon'i Jesosy, dia voavonjy koa izy, ka noho izany dia anisan'ilay vahoaka vaovao sady mponin'ny lanitra, dia ny Tenan'i Kristy, fitambaran'ireo olona rehetra navotan'Andriamanitra, vahoaka ara-panahy. Ny olom-boavidy voalohany dia ireo apostoly, izay Jiosy ; ary maro, taorianan'izy ireo, ny nanaiky an'i Jesosy ho Mpamonjiny. Ao amin'i Kristy izy ireo dia tafakambana amin'ny vahoaka kristiana, satria ao amin'i Jesosy dia *“tsy misy intsony na Jiosy na Grika, na andevo na tsy andevo, na lahy sy vavy ; fa iray ihany ianareo rehetra, ao amin'i Kristy Jesosy”* (Galatiana 3. 28). Mitovy izany ny olona rehetra, eo anoloan'Andriamanitra !

Ho famintinana, Israely, amin'ny maha firenena azy, dia nailika mandritra ny fotoana voafetra aloha, satria nandà ny Mesiany. Fa na izany aza, ireo olona tsirairay ao amin'ny vahoaka Israely dia afaka mahazo ny famonjena maimaimpoana ao amin'i Jesosy Kristy.

Fanamarihana :

Tsy narian'Andriamanitra ho mandrakizay tsy akory Israely ; haveriny indray ny fifandraisany amin'ilay vahoakany eto an-tany, rehefa hanaiky ny Mesiany io vahoaka io any aoriana any, aorianan'ny fizahan-toetra mamaivay. Manamafy izany ny apostoly Paoly hoe : *“Fa tsy tiako tsy ho fantatrareo izany zavamiaina izany, ry rahalahy (fandrao mihevitra ny tenanareo ho hendry ianareo), fa efa misy fahamafiam-po manjo ny Israely sasany* (nanjary mafy fo ny Israely sasany) *mandra-piditry ny*

hafenoan'ny jentilisa ; ary amin'izany dia hovonjena avokoa ny Israely rehetra, araka ny voasoratra hoe : “Hivoaka avy any Ziona ny Mpanafaka, ary hampiala ny haratsiam-panahy amin'i Jakoba Izy ; ary izao no fanekeko aminy, raha manaisotra ny fahotany Aho”. Raha ny amin'ny filazantsara dia fahavalo izy, noho ny aminareo ; fa raha ny amin'ny fifidianana kosa dia malala izy, noho ny amin'ny razana. Fa ny fanomezam-pahasoavana sy ny fiantsoan'Andriamanitra dia tsy misy hanenenany” (Romana 11. 25-29).

3.8- NY KRISTIANA, IREO IZAY MANAIKY AN'I KRISTY, DIA MPONIN'NY LANITRA, NA DIA MBOLA ETO AN-TANY AZA

Ireo olona rehetra voavidin'i Kristy dia vahoaka iray mihataka amin'izao tontolo izao. Izy ireo dia manana fifandraisana amin'ny Mpamonjiny, Izay any an-danitra, dia *“Jesosy Kristy Tompontsika, Izay nanolotra ny tenany noho ny fahotantsika, hanafahany antsika amin'izao miara-belona ratsy fanahy izao”* (Galatiana 1. 3-4). Vokatry izany, tsy takatry izao tontolo izao ny fiainan'ny kristiana, amin'ny lafiny ara-panahy.

Marina fa miaina etỳ an-tany izy ireo, ara-batana ; fa ireo fiheviny kosa dia mifanohitra amin'ny fisainan'izao tontolo izao. Vahiny izy ireo etỳ : *“Tsy naman'izao tontolo izao”* (Jaona 17. 16). Ara-toe-panahy izy ireo dia any ivelan'ity tontolo ratsy fanahy ity, satria *“niara-maty tamin'i Kristy ... ka efa afaka tamin'ny abidimpianaran'izao tontolo izao”* (Kolosiana 2. 20), ary dia miaina tahaka ny vahiny, etỳ. Izany no antony ampirisihana ny kristiana hoe : *“Ry malala, mananatra anareo aho, satria vahiny sy mpivahiny ianareo, fadio ny filan'ny nofo, fa miady amin'ny fanahy ireny ; ary aoka ho tsara ny fitondrantenanareo eo amin'ny jentilisa”*

(1 Petera 2. 11-12).

Nefa satria vahiny izy ireo, dia ambasadaoro ihany koa, izany hoe manana andraikitra hampahafantatra amin'izao tontolo izao ny taniny (dia ny lanitra) sy ny mpanjakany (dia Jesosy). Io vahoaka vaovao io, ny Eglizy, ankohonana vaovao an'Andriamanitra, voarafitr'ireo izay tena kristiana irery ihany, dia hafa noho ny vahoaka Israely.

3.9- INONA NO MAHA SAMY Hafa NY ISRAELY SY NY EGLIZY ?

—Israely, ilay vahoakan'Andriamanitra eto an-tany, dia nailika vetivety aloha, satria nandà tsy hanaiky an'i Jesosy ho Ilay Mesia, ho Ilay Zanak'Andriamanitra

Nafoin'ny olombelona ilay hany Andriamanitra marina, Ilay Mpahary, mba tsy hanaovany afa-tsy fanompoan-tsampy —izay tsy inona, raha ny marina, fa fanompoana fanahy hafa, izay andriamanitra sandoka, demonia. Koa nifidy vahoaka iray Andriamanitra, mba tsy ho fongana ny fijoroana ho vavolombelony eto an-tany. Vahoaka iray avy tamin'ny firenena rehetra no nofidiny, mba hahafantatra ny sitrapony, hanatanteraka izany, satria nampianarina ny Lalàna, izay sitrapon'Andriamanitra naseho tamin'ny olona. Ny tanjon'Andriamanitra dia ny hahatonga io vahoaka io *“ho mpitarika ny jamba, fanazavana ny ao amin'ny maizina, mpananatra ny adala, mpampianatra ny bodo”* (Romana 2. 19-20). Koa dia nofidin'Andriamanitra ho Azy ny Israely, mba *“ho firenena rakitra soa ho Azy, mihoatra noho ny firenena rehetra ambonin'ny tany”* (Deoteronomia 7. 6).

Mba hanatanterahany ny fikasany, dia nomen'Andriamanitra fitahiana teto an-tany izy ireo :

- tany ho fonenana : *“Ny taranakao efa nomeko ity tany ity hatrany amin’ny onin’i Egipta ka hatrany amin’ny ony lehibe, dia ny ony Eofrata”* (Genesisy 15. 18).
- fanambinana be ara-karena : *“Hotahina ianao ao an-tanàna, ary hotahina ianao any an-tsaha. Hotahina ny ateraky ny kibonao sy ny vokatry ny taninao ary ny ateraky ny biby fiompinao, dia ny ateraky ny ombinao sy ny ateraky ny ondry aman’osinao. Hotahina ny haronao sy ny vilia fanaova-mofonao... Handidy ny fitahiany ho aminao Jehovah amin’ny fitoeram-barinao sy izay rehetra ataon’ny tànanao, ka hitahy anao Izy any amin’ny tany izay omen’i Jehovah Andriamanitrao anao”* (Deoteronomia 28. 3-5, 8).

Ankoatra izany fitahiana rehetra eto an-tany izany, dia nirin’ Andriamanitra ihany koa ny handraisan’ny Israely ho eo anivony ny Mesia, izay avy mba hampiseho amin’ny zanak’olombelona very Ilay hany Andriamanitra marina, sy mba ho fitaovana hamitram-pihavanana amin’Andriamanitra. Tonga ny Mesia, saingy indrisy, tsy noraisin’ny Israely ho izany : *“Tonga tany amin’ny Azy Izy, fa ny Azy tsy nandray Azy”* (Jaona 1. 11).

—Ny Eglizy, ilay vahoakan’Andriamanitra mponin’ny lanitra, dia voarafitr’ireo olona rehetra manaiky an’i Jesosy ho Ilay Kristy, ho Ilay Zanak’Andriamanitra

Mifanohitra amin’ny vahoaka Israely kosa, misy lehilahy sy vehivavy, *“olona avy tamin’ny fokom-pirenena rehetra sy ny samihafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra”* (Apokalypsy 5. 9), izay nanaiky an’i Jesosy ho Kristy, Ilay Zanak’Andriamanitra. Koa na Jiosy izy ireo na tsia, ireo rehetra manaiky an’i Kristy ho Tompo dia anisan’ny Eglizy, vahoaka manana hoavy tsy eto an-tany, fa any an-danitra, toerana misy an’i Kristy ankehitriny.

Noho izany dia mifamatotra amin'ny lanitra izay rehetra mahakasika ny Eglizy :

- ny fiantsoana azy dia *“fiantsoana avy any an-danitra”* (Hebreo 3. 1) ;
- ny fitahiana azy dia fitahiam-panahy : Andriamanitra dia *“nitahy antsika (kristiana) tao amin'i Kristy amin'ny fitahiam-panahy rehetra any an-danitra”* (Efesiana 1. 3) ;
- ny lovany dia *“tsy mety simba, tsy misy loto, tsy mety levona, voatahiry any an-danitra”* (1 Petera 1. 4) ;
- ny fonenany dia ny lanitra : *“Fa ny fanjakantsika dia any an-danitra, ary avy any koa no iandrasantsika Mpamonjy, dia Jesosy Kristy Tompo”* (Filipiana 3. 20).

Fanamarihana :

Tsy misolo toerana ny Israely eto an-tany tsy akory ny Eglizy. Tsy mitovy amin'ny an'ny Israely ny fifamatorany amin'Andriamanitra, na amin'izao fotoana izao, na amin'ny hoavy.

Koa mifanohitra amin'ny Israely ny Eglizy :

- Israely, vahoakan'Andriamanitra eto an-tany, nailik'Andriamanitra ankehitriny satria nandà Ilay Mesia ;
- ny Eglizy, fitambaran'ireo tena kristiana marina : mponin'ny lanitra, vahoaka manana hoavy eo anilan'i Kristy, Ilay Tompony any an-danitra.

3.10- NY TENA ANDRASAN'NY KRISTIANA, ILAY VAHOAKAN'ANDRIAMANITRA, MPONIN'NY LANITRA

Ny kristiana dia miandry ny fiavian'i Jesosy avy any an-danitra, *“miandry ny fanantenana mahafinaritra sy ny fisehoan'ny voninahitr'Andriamanitra lehibe sady Mpamonjy antsika, dia Jesosy Kristy, izay nanolotra ny tenany hamonjy antsika, mba hanavotany antsika ho afaka amin'ny ota rehetra, sy hanadiovany izay olona ho an'ny tenany, sady ho mazoto indrindra amin'ny asa tsara izany”* (Titosy 2. 13-14).

4- NY HIVERENAN'NY TOMPO JESOSY, HAKA IREO TENA KRISTIANA MARINA

4.1- JESOSY MIHITSY NO EFA NILAZA MIALOHA IO HIVERENANY IO

Nampanantenain'i Jesosy ireo izay mino Azy hoe : *“Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro ; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho ; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa”* (Jaona 14. 2-3).

Ho avy tsy ho ela Jesosy, azo antoka izany, ary midika ho fahavoazana lehibe ho an'ireo izay tsy mino Azy ! Satria, momba azy ireo dia voasoratra fa *“amin'ny andro farany dia hisy mpaniratsira avy haniratsira, mandeha araka ny filany ka manao hoe : Aiza ny teny fikasana ny amin'ny fiaviany ? Fa hatrizay nodian'ny razana mandry dia maharitra tsy miova ny zavatra rehetra ; eny, hatramin'ny nanaovana izao tontolo izao aza”* (2 Petera 3. 3-4). Nefa *“ny Tompo tsy mahela ny teny fikasany, araka izay ataon'ny sasany ho fahelany ; fa mahari-po aminareo lzy, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra”* (2 Petera 3. 9).

4.2- EFA NAMBARA IREO TANJON'IO HIVERENAN'NY TOMPO JESOSY IO

– Ny voalohany aloha, dia ny hananan'i Kristy ny Eglizy ho eo akaikiny, any an-danitra —ny Eglizy, izay Vadiny, fikambanan' ireo olom-boavidy rehetra— : *“Ho avy indray [Aho] ka handray anareo ho any amiko”* (Jaona 14. 3) ;

– Ny tanjona faharoa dia ny hiaro ny kristiana amin'ny fitsarana hihatra amin'izao tontolo izao. Izany no nilazan'i Jesosy tamin'ny tena Eglizy hoe : *“Satria efa nitandrina ny teniko ny amin'ny faharetana ianao, Izaho kosa hiaro anao ho voavonjy amin'ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin'izao tontolo izao ho fizahan-toetra izay monina ambonin'ny tany. Ho avy faingana Aho”* (Apokalypsy 3. 10-11).

Koa ho avy Jesosy hanala ny kristiana, ilay vahoaka novidiny, hanala azy teto amin'ity tany efa simban'ny ota ity ka hiharan'ny fitsaran'Andriamanitra. Ho avy Izy haka ho eo aminy ireo izay efa nifidy Azy ho Tompo sy Mpampianatra, fony Izy nailika teto an-tany. Ireo olona mino rehetra ireo dia hiaraka aminy any an-danitra. Koa hakarina izany ny kristiana, mba hiarovana azy ireo tsy ho tratran'ny fitsarana hihatra eto an-tany.

– Ho avy koa ny Tompo Jesosy haka ny kristiana, mba hahitan' izy ireo ny voninahiny sy handraisan'izy ireo anjara amin'ny fanjakany arivo taona eto an-tany. Izany no nilazan'i Jesosy hoe : *“Ray ô, tiako mba ho any amiko amin'izay itoerako ireo izay nomenao Ahy, mba hahita ny voninahitro nomenao Ahy izy ; fa efa tia Ahy ianao, fony tsy mbola ary ny fanorenan' izao tontolo izao”* (Jaona 17. 24).

4.3- EFA NAMBARAN'NY APOSTOLY PAOLY NY FOMBA HIVERENAN'NY TOMPO JESOSY

*“Fa ny tenan'ny Tompo
no hidina avy any an-danitra
- amin'ny fiantsoana
- sy ny feon'ny arikanjely
- ary ny trompetran'Andriamanitra”*

(1 Tesaloniana 4. 16).

Tsy hisy fambara manokana mialoha ny hiverenan'ny Tompo Jesosy haka ny kristiana. Noho izany dia tsy hampoizina mihitsy ny fotoana handrenesana ny *“fiantsoana”*, hiaka manambara ny fahatongavan'ny Tompo haka ireo tena kristiana, izany hoe ireo efa nateraka indray.

Ary ny manohina ny fontsika, dia **ny Tompo mihitsy** no ho avy haka ny olony ; tsy ny anjelin'ny no hirahiny, fa Izy tenany mihitsy no hanatanteraka izany asa be voninahitra nandrasany efa hatry ny ela izany.

4.4- EFA NAMBARA IHANY KOA NY ZAVATRA HISEHO AMIN'IO FIVERENANA IO

**—Ireo maty ao amin'i Kristy dia handre ny feony
ka hitsangana**

Rehefa maty ny olona, na kristiana izy na tsia, dia mody vovoka ny tenany, satria avy ao no nakàna ny olombelona tsirairay. Ny fanahiny kosa, raha kristiana izy, dia mankany am-paradisa, toeram-pahasambarana miaraka amin'i Jesosy ; fa raha tsy kristiana izy, dia mankany amin'ny toerana ijali-jaliana, lavitra an'Andriamanitra (Lioka 16. 23).

Rehefa hiverina ny Tompo, dia *“izay maty ao amin’i Kristy no hitsangana aloha”* (1 Tesaloniana 4. 16). Ho hain'Andriamanitra ny hahita ny vovoky ny tenan'izy ireo, na aiza na aiza : na any am-pasana, na any anaty ranomasina, na efa lasa lavenona aza... ; handre ny feon'ny Zanak'Andriamanitra izy ireo, ka hitsangana ho velona *“ho any amin’ny **fitsanganana ho fiainana**”* (Jaona 5. 29). Hitsangana izany ireo maty ao amin’i Kristy, araka izay voasoratra momba azy ireo, hoe : *“Ary raha ny Fanahin’Izay nanangana an’i Jesosy tamin’ny maty no mitoetra ao anatinareo, dia Izay nanangana an’i Kristy Jesosy tamin’ny maty no hamelona ny tenanareo mety maty amin’ny Fanahiny, Izay mitoetra ao anatinareo”* (Romana 8. 11). *“Koa dia mifampionona ianareo amin’ izany teny izany”* (1 Tesaloniana 4. 18).

—Ireo maty tsy kristiana, izany hoe ireo izay tsy tena nanaiky an’i Kristy tao am-pony, dia tsy mba hitsangana amin’io fotoana io

Amin’io fiavian’ny Tompo haka ny kristiana io, dia ho tavela any am-pasana kosa ny vatan’ireo tsy kristiana, mandra-pahatonga ny andro fitsarana farany, izay mbola ho ela any aoriana any. *“Dia hivoaka izy ... ho any amin’ny **fitsanganana ho fahamelohana**”* (Jaona 5. 29), fitsarana mampivarahontsana resahina ao amin’ny Apokalypsy : *“Ary hitako fa, indro, nisy sezafiandrianana fotsy lehibe sy llay mipetraka eo amboniny ; ny tany sy ny lanitra nandositra ny tavany, ka tsy nisy hitoerany intsony. Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan’ny sezafiandrianana ; ary novelarina ny boky ; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin’ny fiainana izany ; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin’ny boky, araka ny asany. Ary ny ranomasina dia namoaka ny maty tao anatin’ny ; ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita namoaka **ny maty tao aminy ; dia samy notsaraina** araka ny asany izy. Ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita dia natsipy tany amin’ny*

farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa, dia ny farihy afo. Ary raha nisy tsy hita voasoratra teo anatin'ny bokin'ny fiainana, dia natsipy tany amin'ny farihy afo izy” (Apokalypsy 20. 11-15).

—Ireo maty ao amin'i Kristy ka natsangana sy ireo kristiana mbola velona dia hiaraka hakarina hitsena ny Tompo

“Izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha ; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka ; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika” (1 Tesaloniana 4. 16-17).

Koa ireo mpino rehetra no hamaly ny antson'ny Tompo, Izay hanintona azy ireo ho any aminy ao anatin'ny indray mipy maso ; izany fihaonana izany dia tsy ho eto an-tany fa ho “eny amin'ny habakabaka”, ary tsy ho hitan'izao tontolo izao.

Fanamarihana :

Amin'ny fiverenan'ny Tompo, ireo mpino rehetra —izany hoe ireo kristiana sy ireo olo-masina tao amin'ny Testamenta Taloha— dia **homena vatana vaovao ka hitafy ny tsy fahafatesana** : tsy hanan-kery amin'izy ireo ny fahafatesana faharoa.

“ Indro, zava-miafina no ambarako aminareo : tsy hodimandry avokoa isika rehetra, fa vetivety, toy ny indray mipy maso, rehefa maneno ny trompetra farany, dia hovana isika rehetra ; fa hotsofina ny trompetra, ary ny maty hatsangana tsy ho lo intsony, ary isika hovaina. Fa ity mety lo ity (ny vatantsika) tsy maintsy hitafy ny tsy fahalovana, ary ity mety maty ity tsy maintsy hitafy ny tsy fahafatesana. Fa rehefa mitafy ny tsy fahalovana ity mety lo ity, ary mitafy ny tsy fahafatesana ity mety maty ity, dia ho tanteraka ny teny voasoratra hoe : ‘Ny fahafatesana noresena ka levona’.

‘Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresena ?

Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronanao ?’” (1 Korintiana 15. 51-55).

- Ho an'ireo izay natsangana tamin'ny maty, ny fanahiny —izay efa teo akaikin'ny Tompo, tamin'ny fotoana nisarahany tamin'ny vatana noho ny fahafatesana— dia hampiraisina indray amin'ny vatana, saingy **vatana vaovao, araka ny fombam-panahy sy be voninahitra.**
- Ary ho an'ireo izay mbola velona eto an-tany amin'ny fotoana iverenan'ny Tompo, ny vatany dia hovaina tantaraka : hanjary vatana omem-boninahitra, vatana mitovy amin'ny an'ny Tompo.

—Ny mpino rehetra izany no hitafy io vatana be voninahitra io, tsy mety lo ary tsy mety maty, noho ny hataon'ny Zanak'Andriamanitra amin-kery

“Fa ny fanjakantsika dia any an-danitra, ary avy any koa no iandrasantsika Mpamonjy, dia Jesosy Kristy Tompo, Izay hanova ny tenan'ny fietren-tenantsika ka hitovy endrika amin'ny tenan'ny voninahiny, araka ny fiàsan'ny heriny, izay ahaizany hampanaiky ny zavatra rehetra ho Azy” (Filipiana 3. 20-21).

“Izay amin'ny tany dia tahaka ilay amin'ny tany ; ary izay any an-danitra dia tahaka ilay any an-danitra. Ary toy ny nitondran-tsika ny endriky ny amin'ny tany (Adama) no hitondrantsika ny endrik'ilay any an-danitra koa (Jesosy)” (1 Korintiana 15. 48-49).

Ny olombelona dia taranak'i Adama, ilay avy amin'ny tany, ka nandova ny toetra mampiavaka azy ara-batana sy ara-panahy. Dia toy izany koa, ny kristiana dia hitovy endrika amin'i Kristy, ilay Olona avy any an-danitra : hanjary mponin'ny lanitra izy ireo, manana vatana sahaza ny lanitra, vatana araka ny fombam-panahy, izany hoe tsy voafehin'ireo lalàna misy ankehitriny intsony, momba ny akora, ny elanelan-tany ary ny fotoana.

Koa ny kristiana dia hitovy endrika amin'i Kristy, Ilay Olona avy any an-danitra, amin'ny fahatongavany. Hovaina izy ireo, mba hitovy amin'i Kristy, Ilay Tompony : izany no atao hoe fanavotana ny vatana, vatana be voninahitra, vatana novaina hitovy amin'ny an'Ilay Zanak'Andriamanitra.

Ny asa farany hataon'Andriamanitra amin'ny kristiana etỳ an-tany, izany, dia ny fanovàna ny tenan'izy ireo hitovy amin'ny tenam-boninahitr'i Kristy. Io fanovàna io no lazain'ny epistily ho an'ny Romana ho "*ny fanavotana ny tenantsika*" (Romana 8. 23). Ho tanteraka ny fikasan'Andriamanitra hatrizay hatrizay, izay lazaina ao amin'ny Romana 8. 30 : "*Ary izay nantsoiny (nantsoin' Andriamanitra) no nohamarininy koa ; ary izay nohamarininy no nomeny voninahitra koa*".

—Dia hampidirin'ny Tompo any an-danitra ireo olony rehetra, mba hiaraka aminy ho mandrakizay

"... dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika. Koa dia mifampionòna ianareo amin'izany teny izany" (1 Tesaloniana 4. 17-18).

Rehefa tonga ao "*an-tranon'ny Ray*" isika, ilay trano noresahin'i Jesosy tamin'ny mpianany ao amin'ny Jaona 14, dia hanana fiombonana tanteraka sy tsy hisy fiafarany amin'ny Tompontsika, izay ho hitantsika maso amin'izay.

Mampionona sy mampifaly sahady ny kristiana tsirairay ny fanantenana mahafinaritra hoe hiaraka amin'ny Tompo, indray andro any, ao amin'ny fitsaharana sy ny tena fahasambarana, ny fahasambarana ao an-danitra ; tsy hisy ranomaso na fahoriana intsony ao, "*ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana...*" (Apokalypsy 21. 4).

5- NY HISEHO ANY AN-DANITRA

5.1- NY KRISTIANA REHETRA DIA HISEHO EO AMIN'NY TRIBONALIN'I KRISTY

“Haseho avokoa ny asan’ny olona rehetra ; fa ny andro no hampiseho azy, satria haseho amin’afao izany andro izany, ka dia hozahan-toetra amin’ny afo ny asan’ny olona rehetra. Raha maharitra ny asan’ny olona, izay narafiny teo amboniny (ambonin’ny fanorenana, dia Jesosy Kristy), dia handray valim-pitia izy. Raha ho levon’ny afo ny asan’ny olona, dia ho fatiantoka izy ; fa ny tenany kosa dia hovonjena, nefa toy ny avy ao amin’ny afo ihany izy” (1 Korintiana 3. 13-15). Amin’izay fotoana izay ny Tompo dia “hampiharihary ny zavatra takona ao amin’ny maizina ka hampiseho ny fikasan’ny fo ; dia samy hahazo izay derany avy amin’Andriamanitra izy rehetra” (1 Korintiana 4. 5). “Koa samy hampamoahin’Andriamanitra ny amin’ny tenany avy isika rehetra” (Romana 14. 12).

Tsara ho fantatra anefa fa tsy natao hanamelohana ny kristiana tsy akory ny tribonalin’i Kristy, satria voasoratra hoe : *“Ary amin’izany dia tsy misy fanamelohana ho an’izay ao amin’i Kristy Jesosy” (Romana 8. 1).* Ny tribonalin’i Kristy no ho toerana hampisehoana ny asan’ny tsirairay : ny asa, mantsy, izay zavatra natao, no hotsaraina, fa tsy ny olona tsy akory, *“mba handraisan’ny olona rehetra izay zavatra nataon’ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy” (2 Korintiana 5.10).*

“Ary raha llay tsy mizaha tavan’olona, fa mitsara araka ny asan’izy rehetra, no antsoinareo hoe Ray, dia mitondrà tena amin’ny fahatahorana mandritra ny andron’ny fivahinianareo ety ;

fa fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo tamin'ny fitondrantena adala, izay azonareo tamin'ny nentin-drazana, fa ny ra soan'i Kristy, toy ny ran'ny zanak'ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina ; Izay fantatra rahateo, fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao, fa efa naseho tamin'izao andro farany izao noho ny aminareo, izay mino an'Andriamanitra amin'ny alalany, dia llay nanangana Azy tamin'ny maty ka nanome voninahitra Azy —mba hiorenan'ny finoanareo sy ny fanantenanareo amin'Andriamanitra” (1 Petera 1. 17-21).

5.2- HANDRAY VALISOA NY KRISTIANA

Aorianan'ny tribonalin'i Kristy dia homena valisoa ny mpino tsirairay, arakaraka ny tsy fivadihany tamin'ny Tenin'Andriamanitra. Ohatra, homen'ny Tompo satroboninahitra ny mpino izay namela ny Tenin'Andriamanitra sy ny Fanahy Masina hiasa ao anatin'ny. Ny fahaveloman'ny Fanahy ao anatin'ny mpino, ny vokatry ny Fanahy hitan'ny olona rehetra, fandeha sy fanompoana an'i Kristy ao anaty fanankinan-tena amin'Andriamanitra sy fankatoavana Azy, izany rehetra izany dia hankasitrahina sy homena valisoa. Amin'izany andro izany, ny Tompo Jesosy no ho llay Mpitsara marina.

*“Sambatra ianareo, raha haratsin'ny olona sy enjehiny ary asiany izay teny ratsy rehetra hitenenany lainga anareo noho ny amiko. Mifalia sy miravoravoava ianareo, fa **lehibe ny valimpitianareo any an-danitra** ; fa toy izany ihany no nanenjehany ny mpaminany izay talohanareo” (Matio 5. 11-12).*

“Sambatra izay olona maharitra fakam-panahy ; fa rehefa voazaha toetra izy, dia handray ny satroboninahitra fiainana, izay nolazain’ny Tompo homena izay tia Azy” (Jakoba 1. 12).

“Koa amin’izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin’ny asan’ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin’ny Tompo” (1 Korintiana 15. 58), ary *“izany no ikelezanay aina sy iezahanay, satria izahay manantena an’Andriamanitra velona, Izay Mpamonjy ny olona rehetra, indrindra fa izay mino”* (1 Timoty 4. 10).

Fanamarihana :

Amin’io andro io dia ho hitan’ny kristiana fa ny vokatra tsara rehetra, ireo asa soa natao ho fifalian’ny Tompo Jesosy sy ho voninahiny, dia vokatry ny asan’ny fahasoavana tao amin’ny mpino tsirairay. Nefa hisy koa zavatra tsy nanome voninahitra ny Tompo, fa vokatry ny fisehoan’ny maha nofo teo amin’ny fiainan’ny mpino. Dia ho hitantsika eo hoe ahoana ny fomba nanadiovan’ny ran’i Kristy antsika, ho hitantsika eo ny haben’ny fahasoavany tamintsika. Izany fampiharihariana eo imason’Andriamanitra ny tena naha isika antsika izany dia tsy hoe mba hanamelohana antsika tsy akory, fa mba hahatonga ny fontsika hitsaoka sy hankalaza ny Tompo, noho ny fidadasiky ny fahasoavany.

Koa rehefa ho hitan’ny kristiana ny haben’ny fahasoavana narotsaka taminy, dia hipolotra avy ao anatin’ny fiderana : *“Ny Zanak’ondry, izay novoina, dia mendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra”* (Apokalypsy 5. 12).

5.3- HAKAMBANA AMIN'I KRISTY NY KRISTIANA REHETRA : IZAY NO HO FANAKAMBANANA AN'I KRISTY SY NY EGLIZY, FANTATRA AMIN'NY HOE "NY FAMPAKARAMBADIN'NY ZANAK'ONDRY"

"Aoka isika hifaly sy ho ravoravo ka hanome voninahitra Azy ; fa tonga ny fampakarambadin'ny Zanak'ondry, ka efa niomana ny vadiny. Ary nasaina nitafy rongony fotsy madinika sady madio no mangatsakatsaka izy ; fa izany rongony fotsy madinika izany dia ny asa marina ataon'ny olona masina" (Apokalypsy 19. 7-8). Aoka homarihina eto fa ny hatsaran'ilay akanjo dia vokatry ny asan'i Kristy : "*nasaina nitafy*". Kristy no miasa ao am-pon'ireo olo-masina, mba hamokaran'izy ireo ireny asa marina ireny. Izay rehetra nosedraina teo aloha —teo amin'ny tribonalin'i Kristy— ka tafajanona no ho hita amin'io akanjo io. Ny sisa rehetra dia ho fatiantoka fotsiny ihany. Izay no maha zava-dehibe ny miaina dieny ankehitriny amin'ny fitsinjovana io fampakarambady io !

"Ary hoy koa izy tamiko : Soraty : Sambatra izay nantsoina ho amin'ny fanasana fampakarambadin'ny Zanak'ondry" (Apokalypsy 19. 9).

Ireo "*nantsoina ho amin'ny fanasana*" ireo dia ny sakaizan'i Kristy, Ilay Mpampakatra, toa an'i Jaona Mpanao batisa sy ireo mpino talohan'ny hazofijaliana.

Niteny i Jaona Mpanao batisa hoe : "*Izay manana ny ampakarina no mpampakatra ; fa ny sakaizan'ny mpampakatra, izay mitsangana sy mihaino azy, dia mifaly indrindra noho ny feon'ny mpampakatra ; ary efa tanteraka izany fifaliako izany"* (Jaona 3. 29).

6- NY HISEHO AORIANAN'NY FAMPIAKARANA NY EGLIZY

6.1- FITSARANA MAMPIVARAHONTSANA, ETO AN-TANY

Rehefa vita ny fankalazana ny fampakarambadin'ny Zanak'ondry, dia ho tafaray Kristy sy ny Fiangonana, ary tsy ho hay sarahina intsony, ho mandrakizay. Dia hiverina ny Tompo Jesosy, hanjaka mandritra ny arivo taona. Nefa alohan'ny haha tafapetraka izany fanjakana izany, dia mbola hirehitra amin'ireo rehetra tsy nibebaka tamin'ny fahotany ny fahatezeran'Andriamanitra. Amin' izay dia hisy fitsarana mampivarahontsana hihatra eto an-tany.

Fa ny kristiana kosa tsy mba hiharan'izany fahoriana izany, satria efa any an-danitra izy ireo, efa miaraka amin'i Kristy. Izany no nampanantenain'ny Tompo Jesosy hoe : *“Izaho kosa hiaro anao ho voavonjy amin'ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin'izao tontolo izao, ho fizahan-toetra izay monina ambonin'ny tany”* (Apokalypsy 3. 10).

6.2- FIVERENAN'I KRISTY AM-BONINAHITRA ETÏ AN-TANY, MBA HAMETRAKA NY FANJAKANY ARIVO TAONA

Aorianan'ireo andro fizahan-toetra ireo, dia hiseho eny amin'ny lanitra Kristy. Hiaraka amin'ireo anjeliny rehetra Izy amin'izay, ary ho tonga mba hanjaka. Ho eo anilany ny Eglizy, izay efa tafaray amin'i Kristy satria efa Vadiny, *“raha tonga Izy mba hankalazaina eo amin'ny olony masina sy higagana eo amin'izay rehetra mino, amin'izany andro izany”* (2 Tesaloniana 1. 10).

6.3- NY FANJAKANA ARIVO TAONA

Eto an-tany ny Tompo Jesosy Kristy dia hametraka fanjakana feno fahamarinana sy fiadanana mbola tsy nisy toy izany. Haharitra 1 000 taona io fanjakana io : *“Ny fanjakana amin’izao tontolo izao dia efa lasan’ny Tompontsika sy ny Kristiny... Sambatra sy masina izay manana anjara amin’ny fitsanganana voalohany ; ireo tsy mba ananan’ny fahafatesana faharoa fahefana, fa ho mpisoron’Andriamanitra sy Kristy ireo ka hiaramanjaka aminy arivo taona”* (Apokalypsy 11. 15 ; 20. 6). Ho fotoampahasambarana tsy misy toa azy io fanjakana io, ary anisan’ny hampiavaka izany fotoana izany ireto zavatra ireto :

—tsy avela hanao ratsy intsony ny devoly

“Ary hitako fa, indro, nisy anjely nidina avy tany an-danitra, nanana ny fanalahidin’ny lavaka tsy hita noanoa (lalina dia lalina) sy gadra lehibe eny an-tànany ; dia nisambotra ilay dragona izy (dia ilay menarana ela, ny devoly sy Satana izany) ka namatotra azy arivo taona, dia nanipy azy ho amin’ny lavaka tsy hita noanoa ka nanidy izany, dia nanisy tombo-kase teo amboniny, mba tsy hamitahany ny firenena maro intsony mandrapahatapitry ny arivo taona” (Apokalypsy 20. 1-3).

—fandriampahalemana eo amin’ny samy olombelona

“Dia hanefy ny sabany ho fangady ireny, ary ny lefony ho fanetizam-boaloboka ; ny firenena tsy hanainga sabatra hifamely na hianatra ady intsony” (Isaia 2. 4) ;

“Ny marina hitrebona (hiroborobo) amin’ny androny, ary ho be ny fiadanana” (Salamo 72. 7).

—fiovàna eo amin'ny biby sy ny zavamaniry

“Hampiboika renirano ao amin'ny tendrombohitra mangadihady Aho ary loharano ao amin'ny lohasaha ; hanao ny efitra ho farihy Aho ary ny tany karankaina ho loharano miboiboika. Hampaniry hazo sedera sy akasia sy rotra ary oliva any an'efitra Aho ary kypreso sy pina sy bokso eny an-tanilahy” (Isaia 41. 18-19) ;

“Ary ny amboadia hiara-mitoetra amin'ny zanak'ondry ; ny leoparda hiara-mandry amin'ny zanak'osy ; ary ny zanak'omby sy ny liona tanora sy ny ombikely mifahy hiray toerana, ary ny zazakely no hiroaka (hiambina) azy. Ary ny ombivavy sy ny bera hiara-komana ; ny zanany hiara-mandry ; ary ny liona hihina-mololo tahaka ny omby” (Isaia 11. 6-7).

—Andriamanitra ho fantatry ny olona rehetra

“Notadiavin'izay tsy naniry Aho sy hitan'izay tsy nitady ; hoy Izaho tamin'ny firenena izay tsy nantsoina tamin'ny anarako : Inty Aho ! Inty Aho !” (Isaia 65. 1).

“Fa ny tany ho heniky ny fahalalana an'i Jehovah, tahaka ny anaronan'ny rano ny fanambanin'ny ranomasina. Ary amin'izany andro izany ny Solofon'i Jese, Izay hitsangana ho fanevan'ny firenena, dia Izy no hotadiavin'ny jentilisa ; ary ny fitoerany dia ho voninahitra” (Isaia 11. 9-10).

Ny fanjakana arivo taona, izany, dia ho vanimpotoana feno voninahitra ; koa izao no voasoratra momba izany fotoana mbola ho avy izany : *“Fa izao zavatra ary rehetra izao dia samy maniry fatratra ka miandry ny fampisehoana ireo zanak'Andriamanitra ; fa izao zavatra ary rehetra izao dia nampanekena ho zava-poana, nefa tsy noho ny sitrapony, fa noho Izay nampanaiky azy, sady nahazo fanantenana koa fa izao zavatra ary rehetra izao aza dia hovotsorana amin'ny fahandevozana, dia ny fahalovana, ho amin'ny fahafahana izay momba ny voninahitr'ireo zanak'Andriamanitra”* (Romana 8. 19-21).

**—fiafaran'ny fanjakana arivo taona,
sy ny zava-misongadina amin'izany**

– fizahan-toetra farany ho an'ny olombelona

Amin'ny fiafaran'ny fanjakana arivo taona Andriamanitra dia hizaha toetra farany ny olombelona, ireo izay nahazo tombony tamin'ny fandriampahalemana sy ny fahombiazana ara-karena, nandritra io fanjakana arivo taona io. Hovahana i Satana, izay nafatotra nandritra ny arivo taona. Dia mbola hamitaka ny olombelona indray izy, mba hihatahan'izy ireo amin'Andriamanitra ka hikomiany aminy.

Ary indrisy fa marobe amin'ireo izay eto an-tany amin'izay fotoana izay, teraka nandritra ny fanjakana arivo taona ka tsy mba tojo fizahan-toetra mihitsy, no hanaiky hofitahin'ny devoly ary hikomy : ireo mpanohitra rehetra ireo dia hampiseho miharihary fa tsy nino an'Andriamanitra hatrizay hatrizay izy ireo. Holevonin'ny afo eo no ho eo izy ireo : ho fitsaran'Andriamanitra izany.

“Ary rehefa tapitra ny arivo taona, dia hovahana Satana ho afaka ao amin'ny tranomaizina nitoerany ka hivoaka hamitaka ny firenena eny amin'ny vazan-tany efatra, dia Goga sy Magoga, mba hanangona azy ho any amin'ny ady ; tahaka ny fasiky ny ranomasina ny isany. Ary niakatra namaky ny tany izy, dia nanodidina ny tobin'ny olona masina sy ny tanàna malala ; ary nisy afo nidina avy tany an-danitra ka nandany azy” (Apokalypsy 20. 7-9).

– hatsipy any amin'ny helo i Satana

“Ary ny devoly izay namitaka azy dia natsipy tany amin'ny farihy afo sy solifara, izay misy ilay bibidia sy ilay mpaminany sandoka koa, ary hampijalina andro aman'alina mandrakizay mandrakizay ireo” (Apokalypsy 20. 10). Araka izany, Satana dia ho resin'ny Tompo Jesosy Kristy tanteraka ; tsy afaka hamitaka an'iza na iza intsony izy.

– **ho levon'ny afo ny lanitra sy ny tany**

Izao tontolo rehetra izao —izany hoe izao tany onenantsika izao, mbamin'ny lanitra sy ny kintana hitantsika ankehitriny— dia holevonina tanteraka amin'ny afo, araka ny voasoratra hoe : *“Ary amin'izany ny lanitra dia ho lasa amin'ny firimorimoana mafy, ary ho levon'ny afo ny tenan'ny zavatra rehetra, ka hodorana avokoa ny tany sy ny asa izay eo aminy”* (2 Petera 3. 10).

Dia izay no ho farany, izay no tena faran'izao tontolo izao.

6.4- FITSARANA FARANY

Aorianan'ireo loza lehibe ireo dia ho avy ny fara fitsarana, fantatra amin'ny anarana hoe **“Fitsarana farany”**. Hitsangana ireo maty rehetra tsy nino, niaina tamin'ny vanimpotoana rehetra, ary hotsaraina eo anoloan'ny *“sezafiandrianana fotsy lehibe”* : *“Ary hitako fa, indro, nisy sezafiandrianana fotsy lehibe sy llay mipetraka eo amboniny ; ny tany sy ny lanitra nandositra ny tavany, ka tsy nisy hitoerany intsony. Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan'ny sezafiandrianana ; ary novelarina ny boky ; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin'ny fiainana izany ; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka ny asany. Ary ny ranomasina dia namoaka ny maty tao anatin'ny ; ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita namoaka ny maty tao aminy ; dia samy notsaraina araka ny asany izy”* (Apokalypsy 20. 11-13).

Io fitsanganan'ny tsy mino amin'ny maty io mba hotsaraina no fitsanganana amin'ny maty faharoa, antsoina koa hoe *“fitsanganana ho fahamelohana”* : *“Aza gaga amin'izany ; fa avy ny andro izay handrenesan'ny olona rehetra any am-pasana ny feony (ny feon'ny Zanak'olona) ; dia hivoaka izy : ... izay nanao ratsy ... dia ho any amin'ny fitsanganana ho fahamelohana”* (Jaona 5. 28-29).

Koa *“maro amin’izay matory ao amin’ny vovoky ny tany no hifoha ... ho amin’ny henatra sy ny latsa mandrakizay”* (Daniela 12. 2). Hiseho eo anoloan’Ilay Andriamanitra masina izy ireo. Ho marina tanteraka ny fitsaràny, ka tsy ho azo iadian-kevitra ny didim-pitsarana : ny fampijaliana mandrakizay, ny helo, ho an’ireo rehetra tsy nino, na inona na inona vanimpotoana nahavelo-many. *“Fa ny osa sy ny tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin’ny farihy mirehitra afo sy solifara ; izany no fahafatesana faharoa”* (Apokalypsy 21. 8). *“Ary ireo dia hiala ho any amin’ny fampijaliana mandrakizay”* (Matio 25. 46) ; *“any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify”* (Matio 13. 42).

Marihina fa ny antony farany nanamelohana azy ireo dia ny anarany tsy mba voasoratra ao amin’ny bokin’ny fiainana, satria fahavelony izy ireo dia nandà ny Tompo Jesosy, ilay Mpamonjy nirahin’Andriamanitra, nefa ny rany no manadio ho afaka amin’ny ota rehetra.

“Ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita dia natsipy tany amin’ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa, dia ny farihy afo. Ary raha nisy tsy hita voasoratra teo anatin’ny bokin’ny fiainana, dia natsipy tany amin’ny farihy afo izy” (Apokalypsy 20. 14-15).

6.5- HATOLOTRY NY TOMPO JESOSY HO AN’NY RAINY NY FANJAKANA

“Ary rehefa afaka izany, dia avy ny farany, ka amin’izay dia hatolony ho an’Andriamanitra Ray ny fanjakana, rehefa nofoanany ny fanapahana rehetra sy ny fahefana rehetra ary ny hery rehetra. Fa tsy maintsy manjaka lzy, mandra-panaony

ny fahavalony rehetra ho eo ambanin'ny tongony. Ny fahafatesana no fahavalo farany horesena. Fa 'ny zavatra rehetra efa nampanekeny ho eo ambanin'ny tongony'. Fa na dia hataony hoe aza : 'Ny zavatra rehetra no nampanekena', dia fantatra marina fa tsy mba isan'izany izay nampanaiky ny zavatra rehetra Azy. Ary rehefa nampanekena Azy ny zavatra rehetra, dia ny tenan'ny Zanaka koa aza no hanaiky izay nampanaiky ny zavatra rehetra Azy, mba tsy hisy fototra sy antony afa-tsy Andriamanitra ihany" (1 Korintiana 15. 24-28).

6.6- FAMORONANA LANITRA VAOVAO SY TANY VAOVAO

Amin'ity ampahan'ny tantaran'ny zanak'olombelona ity, dia mametraka antsika any ivelan'ny fotoana ny fanambaran'Andriamanitra. Efa nolevonina izao tontolo rehetra izao, ary mamorona tontolo vaovao Andriamanitra ; ary efa nilaza izany, na dia ireo mpaminany tany amin'ny Testamenta Taloha aza :

- *“Fa, indro, Izaho mahary lanitra vaovao sy tany vaovao, ka dia tsy hotsarovana intsony ny taloha, na ho mby ao antsaïna akory aza” (Isaïa 65. 17) ;*
- *“Ny lanitra vaovao sy ny tany vaovao, izay hataoko, no haharitra eo anatrehako, hoy Jehovah” (Isaïa 66. 22) ;*
- *“Ary nahita lanitra vaovao sy tany vaovao aho ; fa efa lasa ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany, ary ny ranomasina dia tsy misy intsony” (Apokalypsy 21. 1).*

Ireo rehetra nanaiky an'i Jesosy Kristy ho Tompony sy Mpamonjiny nandritra ny fanjakana arivo taona dia honina ao amin'io tany vaovao io, toerana feno fahasambarana tsy misy fetra, toerana honenan'ny fahamarinana. Hiaraka amin'Andriamanitra izy ireo,

araka ny voasoratra hoe : *“Indro, ny tabernakelin’Andriamanitra (ny fitoera-masin’Andriamanitra) dia eo amin’ny olona, ary lzy hitoetra eo aminy, ary ireo ho olony, ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny. Ary hofafany ny rano-maso rehetra amin’ny masony ; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana ; fa efa lasa ny zavatra taloha”* (Apokalypsy 21. 3-4).

Ny Eglizy kosa dia hihazona hatrany ilay toerany manokana : efa tafaray amin’i Kristy, satria Vadin’i Kristy, ary hanana fifandraisana akaiky aminy sy fahasambarana ho mandrakizay any an-danitra.

“Koa amin’izany, ry malala, satria manantena izany zavatra izany ianareo, dia mazotoa mba ho hita tsy manan-tsiny amampondro eo anatrehan’ny Tompo amin’ny fihavanana... Koa, satria fantatrareo rahateo izany, ry malala, dia tandremo fandrao ho voataonan’ny fahadisoan’ny ratsy fanahy ianareo ka ho lavo hiala amin’izay iorenanareo ; fa mitombo amin’ny fahasoavana sy ny fahalalana an’i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy. Ho Azy anie ny voninahitra ankehitriny sy mandrakizay” (2 Petera 3. 14, 17-18).

TOKONY HOTADIDIANA :

Ry malala, *“ianareo dia manana fananana tsara lavitra sady maharitra”* (Hebreo 10. 34). Ary satria mandray *“fanjakana tsy azo ampikorohoroina isika, dia aoka isika hanana fahasoavana hoentintsika manao izay fanompoana sitrak’Andriamanitra, amin’ny fanajana sy ny fahatahorana”* (Hebreo 12. 28). Ary na mandalo fijaliana aza isika indraindray, eto amin’izao tany izao, dia aoka hahatsiaro ny lazain’ny apostoly Paoly hoe : *“Fa ataoko fa ny fahoriana amin’izao andro ankehitriny izao dia tsy tokony hoharina amin’ny voninahitra izay haseho amintsika”* (Romana 8. 18).

Miaina amin'izao vanimpotoana ankehitriny izao isika, nefa miandry ilay voninahitra ho avy ; *“koa aoka isika hivoaka hankeo aminy (hankeo amin'i Jesosy) eo ivelan'ny toby, mitondra ny latsa izay nentiny. Fa etỳ isika tsy manana tanàna maharitra, fa mitady ny ho avy”* (Hebreo 13. 13-14).

Farany, mandra-piandry ny hidirana ao amin'ilay tanàna maharitra —ny lanitra—, dia *“aoka hohazonintsika mafy ny fanekena ny fanantenana mba tsy hihozongozonany (fa mahatoky ilay efa nanao ny teny fikasana) ; ary aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara”* (Hebreo 10. 23-24).

Ny kristiana, izany, dia miandry ny hahatongavan'i Jesosy avy any an-danitra, mba haka hiaraka aminy ny fitambaran'ireo rehetra mino Azy : izany no zavatra tena andrasan'izy ireo. Koa mandra-pahatonga izany, dia ampirisihina ny kristiana rehetra hitandro ny fahadiovana, araka ny teny hoe : *“Ary ankehitriny, anaka, tomoera ao aminy, mba hananantsika fahasahiana, raha hiseho Izy, ka tsy ho menatra eo anatrehany amin'ny fiaviany. Raha fantatrarao fa marina Izy, dia fantaro fa izay rehetra manao ny marina no zanany naterany...*

Ry malala, ankehitriny aza dia zanak'Andriamanitra isika, nefa tsy mbola naseho izay ho toetrantsika rahatrizay. Fantatsika fa raha hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy, dia izay tena endriny tokoa. Ary izay rehetra manana izany fanantenana miorina aminy izany dia manadio ny tenany mba hadio tahaka Azy” (1 Jaona 2. 28-29 ; 3. 2-3).

7- HO ANY AN-DANITRA AVOKOA VE IREO IZAY MITONDRA NY ANARANA HOE KRISTIANA ?

Maro ankehitriny ireo izay natao batisa, mandeha any am-piangonana sy mihira fihirana ho an'ny Tompo, no milaza ny tenany ho kristiana ary mitaky ny hantsoina ho izany. Kanefa hoy Jesosy hoe : *“Tsy izay rehetra manao amiko hoe : Tompoko, Tompoko, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra. Maro no hanao amiko amin'izany andro izany hoe : Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny anaranao va izahay ? ary tsy efa namoaka demonia tamin'ny anaranao va izahay ? ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin'ny anaranao va izahay ? Ary dia hambarako aminy marimarina hoe : Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay hatrizay ; mialà amiko, ianareo mpanao meloka”* (Matio 7. 21-23).

Araka izany, tsy ny fitenenana hoe *“Tompoko, Tompoko”*, na ny fitondrana ny anarana hoe kristiana, na koa ny fandehanana any am-piangonana tsy akory no hahafahana mankany an-danitra. Tsy ny fanaovana asa soa ihany koa, satria ireny tsy mahafafa ny fahotana ary tsy manatsara ny toetra maha mpanota ny olona eo anatrehan'Andriamanitra. *“Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana ; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra ; tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha”* (Efesiana 2. 8-9).

KOA IZA ÀRY NO HO ANY AN-DANITRA ?

Hoy Jesosy : *“Fa izao no sitrapon’ny Raiko, dia ny hahazoan’ izay rehetra mijery ny Zanakaka ka mino Azy fiainana mandrakizay ; ary Izaho hanangana azy amin’ny andro farany”* (Jaona 6. 40). Ny mahatakatra fa Jesosy no Kristy, ary mino fa Izy no Ilay Zanak’ Andriamanitra, dia vokatry ny finoana —finoan’ny fo fa tsy fanambarana eo am-bava fotsiny, satria voasoratra fa *“ny teny ny amin’ny finoana, izay torinay”* dia hoe : *“Raha manaiky an’i Jesosy ho Tompo amin’ny vavanao ianao ary mino amin’ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin’ny maty, dia hovanjena ianao. Fa amin’ny fo no inoana hahazoana fahamarinana, ary amin’ny vava no anekena hahazoana famonjena”* (Romana 10. 8-10).

Araka izany, ireo izay mino an’i Jesosy, *Ilay nirahin’Andriamanitra* (Jaona 6. 29), no hany ho any an-danitra. Ho any an-danitra izy ireo, satria niaiky fa meloka noho ny fahotany, very sy tafasaraka ho mandrakizay tamin’Andriamanitra ; tam-panetrentena sy tahotra no niekeny ny fahotany rehetra teo anatrehan’Ilay Andriamanitra Mpamonjy, Andriamanitry ny fahasoavana, araka izay voasoratra hoe : *“Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy (Andriamanitra) ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin’ny tsy fahamarinana rehetra”* (1 Jaona 1. 9).

Dia mitodika any amin’i Jesosy izy ireo, Jesosy *“Izay tsy nahalala ota ... efa nataony (nataon’Andriamanitra) ota... mba ho tonga fahamarinan’Andriamanitra ao aminy kosa isika”* (2 Korintiana 5. 21).

Manomboka mahalala an’i Jesosy izy ireo, dia manaiky fa Izy tokoa no Ilay *“Zanak’ondrin’Andriamanitra, Izay manaisotra ny fahotan’izao tontolo izao”* (Jaona 1. 29), maty teo amin’ny hazofijaliana hamonjy azy ireo. Ary fantany fa *“efa nanome vavolombelona*

hampino ny olona rehetra izany Izy (Andriamanitra) tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty” (Asan'ny Apostoly 17. 31). Satria natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty Izy, dia porofo izany fa nankasitrahin'Andriamanitra tanteraka ny sorona nataony.

Koa manomboka hatreo dia mahazo tombony amin'ny sorona nataon'i Jesosy Kristy izay rehetra mino :

- voafafa ny fahotany, araka ny voasoratra hoe : “... *Jesosy Kristy, Ilay Marina... Izy no avotra noho ny fahotantsika, ary tsy noho ny antsika ihany, fa noho ny an'izao tontolo izao koa” (1 Jaona 2. 1-2) ; “Ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra” (1 Jaona 1. 7) ;*
- mandray ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra izy ireo, satria “*navelany (navelan'Andriamanitra) ny fahadisoantsika rehetra” (Kolosiana 2. 13) ;*
- hamarinina, satria “*hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavany izy (izay rehetra mino) noho ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy” (Romana 3. 24) ;*
- manana ny fiainana mandrakizay, satria voasoratra hoe : “*Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : Izay mandre ny teniko (ny tenin'i Jesosy) ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina ; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy” (Jaona 5. 24) ; “Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo” (1 Jaona 5. 13).*

Manana antoka ireo olona ireo fa navelan'Andriamanitra ny helony. Voavonjy noho ny fahasoavana izy ireo, nateraka indray, ary nanjary zanak'Andriamanitra ; ho any an-danitra hiaraka amin'i Jesosy izy ireo, ho sambatra mandrakizay.

Fa ireo izay tsy nanana afa-tsy fitondrantena ivelany fotsiny izay mitovitovy amin'ny an'ireo tena kristiana kosa, saingy tsy nino tamin'ny fony ny sorona notanterahin'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana, dia tsy manana ny ain'Andriamanitra ao anatiny. Noho izany, ireo izay tsy mino ny Tompo Jesosy, na dia milaza ny tenany ho kristiana aza, dia tsy mba ho any an-danitra.

Ianao koa, afaka mihavana amin'Andriamanitra ianao anio, ho voavonjy sy hanana antoka fa ho any an-danitra, any am-paradisa

Ahoana no hahatanteraka izany ?

Mibebaha, satria teraka mpanota ianao, ary noho ilay ota mitoetra ao anatinao, dia tafasaraka amin'Andriamanitra, ary maty ara-panahy. Ampahatsahivin'ny apostoly Paoly amina kristiana ny toerana nisy azy ireo talohan'ny niovan'izy ireo fo : *“Matin'ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo [ianareo fahiny]”*

(Efesiana 2. 1).

Izany no toerana misy anao, tahaka azy ireo, koa meloka ianao eo anatrehan'Andriamanitra. Mibebaha àry, izany hoe :

- mitodiha an-kitsimpo amin'Andriamanitra : *“Mijere Ahy, dia ho voavonjy ianareo, ry vazan-tany rehetra ! Fa Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy hafa”* (Isaia 45. 22) ;
- ekeo fa noho ny fahotanao rehetra —tsy fankatoavana, halatra, lainga, fanompoan-tsampy, ary koa fisainan-dratsy, fitsiriritana, fialonana, avonavona ...—, dia rariny raha ho tafasaraka ho mandrakizay amin'Andriamanitra ianao ;
- ekeo eo anatrehan'Andriamanitra ny fahotanao rehetra, ary maniria marina ny tsy hamerina intsony : *“Mibebaha ianareo ka minoa ny filazantsara”* (Marka 1. 15).

Ekeo ao am-ponao Jesosy ho Tomponao, izany hoe manana ny fahefana rehetra aminao

“Satria raha manaiky an’i Jesosy ho Tompo amin’ny vavanao ianao ary mino amin’ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin’ny maty, dia hovonjena ianao. Fa amin’ny fo no inoana hahazoana fahamarinana, ary amin’ny vava no anekena hahazoana famonjena” (Romana 10. 9-10).

“Minoa an’i Jesosy Tompo, dia hovonjena ianao” (Asan’ny Apostoly 16. 31), hovonjena tsy ho any amin’ny afo tsy mety maty, ary tsy hiharan’ny fijalijaliana ho mandrakizay.

Raha mino an’i Jesosy ianao, dia handray ny ain’Andriamanitra, araka ny voasoratra hoe : *“Izay mino ny Zanaka manana fiainana mandrakizay ; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran’Andriamanitra no mitoetra eo aminy”* (Jaona 3. 36). Eny tokoa, *“izay tsy mino ... dia efa voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran’ny Zanaka Lahitokan’Andriamanitra izy”* (Jaona 3. 18).

- **Izay manana an’i Jesosy, Ilay Zanak’Andriamanitra, dia mahazo antoka fa manana ny fiainana mandrakizay** *“Izay mino ny anaran’ny Zanak’Andriamanitra ... manana fiainana mandrakizay”* (1 Jaona 5. 13) : izany no faharesendahatr’izay mametraka ny finoany ao amin’i Jesosy, dia ilay finoana mahavonjy. Voavonjy izy, noho ny fahasoavan’ Andriamanitra, amin’ny alalan’ny finoana (Efesiana 2. 8). Raha resy lahatra toy izany ianao, dia manana antoka fa ho any an-danitra, any am-paradisa, any amin’izay misy an’i Jesosy, Tompo sy Mpamonjinao. Hiaraka aminy ho mandrakizay any ianao.

– **“Izay tsy manana ny Zanak’Andriamanitra (Jesosy) no tsy manana ny fiainana”** (1 Jaona 5. 12)

“Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin’izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao” (Jaona 3. 17). Kanefa ny azo antoka dia izao : izay tsy manana ny Zanak’Andriamanitra dia tsy ho tafiditra any am-paradisa. Aorianan’ny fahafatesany izy dia hitovy anjara ho mandrakizay amin’ireo lazaina hoe : *“Fa ny osa sy ny tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin’ny farihy mirehitra afo sy solifara ; izany no fahafatesana faharoa”* (Apokalypsy 21. 8).

Ianao àry, aza faly fotsiny miteny hoe « Tompoko, Tompoko », na mitondra ny anarana hoe kristiana, na mandeha any ampiangonana. Fa **ankino amin’i Jesosy**, dieny anio, ny hoavin’ny fanahinao ho mandrakizay. Dia horaisinao avy amin’Andriamanitra ny famelan-keloka sy ny fiainana mandrakizay. Ho fantatrao ny tena fanafahana marina sy tanteraka : *“ny famonjena ny fanahy”* (1 Petera 1. 9). Ary hiditra any am-paradisa ianao.

TOPIMASO

1- NY OLOMBELONA MANOLOANA AN'ANDRIAMANITRA...5

1.1- ADAMA.....	5
1.2- FIZAHAN-TOETRA	10
1.3- FAHALAVOAN'I ADAMA SY EVA	12
1.4- VOKA-DRATSY MAHATSIRAVINA.....	12
1.5- NY TARANAK'I ADAMA, TRATRAN'NY OTA, ILAY ARETINA TSY MISY FANAFANY	13
1.6- MELOKA NY ZANAK'OLOMBELONA REHETRA : MIZOTRA HO AMIN'NY FITSARAN'ANDRIAMANITRA, HO AMIN'NY FAHAVEREZANA MANDRAKIZAY	15

2- NY DRAFITR'ANDRIAMANITRA HAMONJENY NY OLOMBELONA TSY HO ANY AMIN'NY HELO, NY AFO TSY METY MATY19

2.1- MPANALALANA IRAY	19
2.2- MOMBA AN'ANDRIAMANITRA	21
2.3- ISRAELY, ILAY VAHOAKA NATOKAN'ANDRIAMANITRA MBA HANDRAY NY ZANAK'ANDRIAMANITRA, NY MPANALALANA, NY MPAMONJY IZAO TONTOLO IZAO ..	22
2.4- NY ZANAK'ANDRIAMANITRA TETO AN-TANY.....	23
—Efa nambaran'ny mpaminany ny fomba mahagaga hahaterahany.....	23
—Efa nambara ihany koa ny toerana hahaterahany ...	24
—Efa nambara ny anarana hoentiny, amin'ny maha Olona Azy.....	24
—Efa nambara ny anton'ny hahatongavany	24
2.5- NY ASA FANOMPOAN'I JESOSY, ILAY KRISTY	25
2.6- TSY NEKEN'NY ISRAELY I JESOSY, TSY NEKENY HO ILAY ZANAK'ANDRIAMANITRA, NA HO ILAY MESIANY, NA HO ILAY MPANJAKANY	28
—Fa naninona moa Israely no tsy nahalala ny Mesiany ?	29

- 2.7- MATY JESOSY, NITSANGANA TAMIN'NY MATY JESOSY30
- 2.8- NOMEN'ANDRIAMANITRA VONINAHITRA JESOSY
KA NASANDRANY HO AMBONIN'NY ZAVA-DREHETRA31
- 2.9- NIRAHIN'ANDRIAMANITRA HO ETÏ AN-TANY
NY FANAHY MASINA31
- 2.10- AMBARA AMIN'NY OLONA REHETRA NY FAMONJENA ...32
— meloka avokoa ny olona rehetra,
eo anatrehan'Andriamanitra32
— te hamonjy ny olona rehetra Andriamanitra32

3- NY FAMONJENA DIA AZO NOHO NY FINOANA35

- 3.1- IZAY MANAIKY FA JESOSY NO KRISTY, MATY NOHO NY
FAHOTAN'NY OLONA ARY NITSANGANA TAMIN'NY MATY,
DIA VOAVONJY : NATERAKA INDRAY IZY, MANANA NY
FIAINANA MANDRAKIZAY, ARY HO ANY AM-PARADISA....35
— Ny fanamarinana dia tsy avy amin'ny
fanatanterahana ny asan'ny lalàna, fa noho
ny fahasovan'Andriamanitra irery ihany37
— Koa ny finoana an'i Jesosy Kristy irery ihany no
mahatonga ho voavonjy sy hamarinina37
- 3.2- IZAY MANAIKY NY VAOVAO MAHAFALY MANAMBARA
NY FAMONJENA NOHO NY FINOANA DIA VOAVONJY :
TSY HO ANY AMIN'ILAY AFO TSY METY MATY
(NY HELO) IZY39
- 3.3- MAIMAIMPOANA NY FAMONJENA :
OMENA NOHO NY FAHASOAVANA IZANY40
- 3.4- FIHAVANANA AMIN'ANDRIAMANITRA, FAHAZOANA
NY FANKASITRAHANY, FANANTENANA BE VONINAHITRA,
FIAINANA MANDRAKIZAY MIARAKA AMIN'ANDRIAMANITRA :
IZANY NO AZON'IZAY OLONA REHETRA
MINO AN'I JESOSY KRISTY41
- 3.5- MBOLA MANAN-KERY MANDRAKA ANKEHITRINY
IO TENY MILAZA FAHASOAVANA IO41
- 3.6- IREO IZAY MANAIKY NY VAOVAO MAHAFALY MANAMBARA
NY FAMONJENA DIA ANTSOINA HOE KRISTIANA ; VAHOAKA
VAOVAO IZY IREO, VAHOAKAN'ANDRIAMANITRA42

3.7- DIA AHOANA IZANY ISRAELY, ILAY VAHOAKA TSY NANAIKY HANDRAY NY MESIA ?	44
3.8- NY KRISTIANA, IREO IZAY MANAIKY AN'I KRISTY, DIA MPONIN'NY LANITRA, NA DIA MBOLA ETO AN-TANY AZA	47
3.9- INONA NO MAHA SAMY Hafa NY ISRAELY SY NY EGLIZY ?	48
—Israely, ilay vahoakan'Andriamanitra eto an-tany, dia nailika vetivety aloha, satria nandà tsy hanaiky an'i Jesosy ho Ilay Mesia, ho Ilay Zanak'Andriamanitra	48
—Ny Eglizy, ilay vahoakan'Andriamanitra mponin'ny lanitra, dia voarafitr'ireo olona rehetra manaiiky an'i Jesosy ho Ilay Kristy, ho Ilay Zanak'Andriamanitra	49
3.10- NY TENA ANDRASAN'NY KRISTIANA, ILAY VAHOAKAN'ANDRIAMANITRA, MPONIN'NY LANITRA.....	51

4- NY HIVERENAN'NY TOMPO JESOSY, HAKA IREO TENA KRISTIANA MARINA	53
4.1- JESOSY MIHITSY NO EFA NILAZA MIALOHA IO HIVERENANY IO	53
4.2- EFA NAMBARA IREO TANJON'IO HIVERENAN'NY TOMPO JESOSY IO	54
4.3- EFA NAMBARAN'NY APOSTOLY PAOLY NY FOMBA HIVERENAN'NY TOMPO JESOSY	55
4.4- EFA NAMBARA IHANY KOA NY ZAVATRA HISEHO AMIN'IO FIVERENANA IO	55
—Ireo maty ao amin'i Kristy dia handre ny feony ka hitsangana.....	55
—Ireo maty tsy kristiana, izany hoe ireo izay tsy tena nanaiky an'i Kristy tao am-pony, dia tsy mba hitsangana amin'io fotoana io	56
—Ireo maty ao amin'i Kristy ka natsangana sy ireo kristiana mbola velona dia hiaraka hakarina hitsena ny Tompo	57

- Ny mpino rehetra izany no hitafy io vatana be voninahitra io, tsy mety lo ary tsy mety maty, noho ny hataon'ny Zanak'Andriamanitra amin-kery.....58
- Dia hampidirin'ny Tompo any an-danitra ireo olony rehetra, mba hiaraka aminy ho mandrakizay59

5- NY HISEHO ANY AN-DANITRA61

- 5.1- NY KRISTIANA REHETRA DIA HISEHO EO AMIN'NY TRIBONALIN'I KRISTY61
- 5.2- HANDRAY VALISOA NY KRISTIANA.....62
- 5.3- HAKAMBANA AMIN'I KRISTY NY KRISTIANA REHETRA : IZAY NO HO FANAKAMBANANA AN'I KRISTY SY NY EGLIZY, FANTATRA AMIN'NY HOE "NY FAMPAKARAMBADIN'NY ZANAK'ONDRY"64

6- NY HISEHO AORIANAN'NY FAMPIAKARANA NY EGLIZY65

- 6.1- FITSARANA MAMPIVARAHONTSANA, ETO AN-TANY65
- 6.2- FIVERENAN'I KRISTY AM-BONINAHITRA ETÛ AN-TANY, MBA HAMETRAKA NY FANJAKANY ARIVO TAONA65
- 6.3- NY FANJAKANA ARIVO TAONA66
 - tsy avela hanao ratsy intsony ny devoly66
 - fandriampahalemana eo amin'ny samy olombelona66
 - fiovàna eo amin'ny biby sy ny zavamaniry.....67
 - Andriamanitra ho fantatry ny olona rehetra67
 - fiafaran'ny fanjakana arivo taona, sy ny zava-misongadina amin'izany68
- 6.4- FITSARANA FARANY.....69
- 6.5- HATOLOTRY NY TOMPO JESOSY HO AN'NY RAINY NY FANJAKANA70
- 6.6- FAMORONANA LANITRA VAOVAO SY TANY VAOVAO71

7- HO ANY AN-DANITRA AVOKOA VE IREO IZAY

- MITONDRA NY ANARANA HOE KRISTIANA ?75**
- KOA IZA ÀRY NO HO ANY AN-DANITRA ?76

NY DRAFITR'ANDRIAMANITRA

HAMONJENY NY OLOMBELONA TSY HO ANY AMIN'NY FAHAVEREZANA MANDRAKIZAY

Ny hoe kristiana, dia olona nihaona tamin'i JESOSY KRISTY : olona mifandray am-pitiavana aminy —Izy Izay manome ny aina, sy ilay olona mandray izany. Miorina io fifandraisana io rehefa miova fo ilay olona, izany hoe miaiky fa mpanota ary manaiky amin'ny finoana ny famonjena maimaimpoana atolotr'Andriamanitra ho an'ireo rehetra mino ny Zanany, Izay latsa-dra mba hamafana ny fahotan'izy ireo. Tonga teto amin'izao tontolo izao tokoa mantsy Ilay Zanak'Andriamanitra, mba hanome ny fiainana mandrakizay ho an'ireo rehetra mino Azy.

Ity bokikely ity no voalohany amin'ilay amboaram-boky « NY ATAO HOE KRISTIANA : inona no dikan'izany ? ». Asehony ato fa ny olona rehetra dia meloka eo anatrehan' Andriamanitra, nefa asehony ihany koa ny drafitr'Andriamanitra hamonjeny ny olona, dia ny Filazantsara —ny Vaovao Mahafaly— izay *“herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino izany”* (Romana 1. 16).

Efa nekenao ve fa Jesosy no ilay Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, maty noho ireo fahotanao ? Efa mino Azy ve ianao ? Efa voavonjy tsy ho any amin'ilay afo maharitra mandrakizay (ny helo) ve ianao ? Mahazo antoka ve ianao fa ho any am-paradisa, ho ao an-tranon' ny Ray ?

Ireo no fanontaniana —ny fanontaniana tena manan-danja— valian'ity boky ity, amina andinin-tSoratra Masina. Ny tanjony dia ny hampitandrina ny tsirairay sy hitaona azy haka fanapahan-kevitra hentitra hitodika amin'Andriamanitra, satria Andriamanitra irery no manome ny fiainana mandrakizay sy manokatra ny vavahadin'ny lanitra, manokatra ny Paradisa.